

# ADVANTISTA MANERANTANY



Fampidirana

## Fahatokiana amin'ny Tenin'Andriamanitra

**M**andritra ity Herinandro Fiaraha-mivavaka miavaka ity isika, dia handinika ilay boky manan-danja, manan-kery ary miteraka adihevitra be indrindra hatramin'izay, dia ny Baiboly. Tsy misy isalasalana fa ny Baiboly no boky nahalafosana betsaka indrindra ary voaiza hatraiza eto amin'izao tontolo izao. Raha ny tombantombana natao vao tsy ela akory, dia maherin'ny 5 lavitrisa no efa natonta. Mbola ny Baiboly ihany no voadika amin'ny tenim-pirenena betsaka indrindra eto amin'izao tontolo izao, miaraka amin'ireo boky isan-karazany ao amin'ny Soratra Masina, izay voadika amin'ny tenim-pirenena 2932 karazana. Misy amin'ny tenim-pirenena miisa 1333 ny Testamenta Vaovao iray manontolo ary 553 ny Baiboly iray manontolo.\*

Efa an-jaton-taona maro ny Baiboly no natao ho mpitari-dalana, loharanon'ny fampiononana sy fampaherezana ho an'ny olona an-tapitrisy maro. Efa nisy fotoana koa anefa niezahan'ny fahavalohana hanafoanana azy, nodorana sy notsikeraina mafy ny Baiboly ary novaina mihtsy ny hevitra tao anatin.

Amin'ny maha-Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito antsika, inona no akon'io Boky efa trrainy kanefa tsy tontan'ny ela io eo amintsika? Ahoana no hahatonga antsika ho mahatoky amin'Andriamanitra sy ny Teniny eto anivon'ity tontolo mampiroaroa saina ny olona ity? Ho hitanao ireo vakiteny izay miresaka indrindra ny amin'ireo olana ireo sy ny maro hafa rehefa eo am-pandinihana ny Tenin'Andriamanitra isika.

Horesahina amin'ny fomba mahatsotra azy indrindra ireo fanontaniana momba ny fanambarana sy ny fampaherezana omen'ny Baiboly. Ho hita ato ihany koa ny fitsipika mivelatra mikasika ny fomba famakiana ny Baiboly araka izay tena maha-izy azy sy araka ny tokony ho izy. Tafiditra ao ihany koa ny lohahevi-dehibe hafa toy ny hoe: Ahoana no fomba anehoan'ny Baiboly an'i Jesôsy amiko? Ahoana no anampiany ahy hanavaka ny mety sy ny tsy mety? Ahoana no fomba anomezany ahy fanantenana sy herim-po hiatrehana izao andro farany izao?

Mampirisika anareo aho hanokana fotoana isan'andro mba ho anisan'ny ankohonan'ny fiangonana maneran-tany hahafantaranareo misimisy kokoa momba ny Baiboly, hivavahanareo ary hihainoanareo ny feon'Andriamanitra amin'ny alalan'ireo takila ao amin'ny Teniny.

Hitahy anareo anie ny Tompo eo am-piomanana ho amin'ny fiverenany tsy ho ela intsony.

Maranatha!

Ted N. C. Wilson, *Filohan'ny Fiangonana*  
*Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito Maneran-tany*

\*Antontan'isa avy amin'ny Wycliffe Global Alliance, Okt. 2015, hita ao amin'ny Biblica, International Bible Society, [www.biblica.com/resources/bible-faqs/how-many-different-languages-has-the-bible-been-translated-into/](http://www.biblica.com/resources/bible-faqs/how-many-different-languages-has-the-bible-been-translated-into/).

# **HERINANDRO FIARAH - MIVAVAKA NOVAMBRA 2018**

**H  
O  
A  
N,  
N  
Y  
E  
H  
I  
B  
E**

**H  
O  
A  
N,  
N  
Y  
A  
N  
K  
I  
Z  
Y**

## **Lohateny**

- SABATA 1: Ny Soratra Masina: fanambarana ny sitrapon'Andriamanitra, t. 4
- ALAHADY: Nahoana no fahefana fara tampony ny Soratra Masina, t. 9
- ALATSINAINY: Ahoana no hamakiana ny Soratra Masina? t. 13
- TALATA: Manova zavatra ny Soratra Masina, t. 16
- ALAROBIA: Manambara an'i Jesôsy ny Soratra Masina, 19
- ALAKAMISY: Velom-panantenana ao anaty tontolo tsy misy fanantenana, t. 23
- ZOMA: Mahay manavaka ny tsara sy ny ratsy, t. 26
- SABATA 2: Ny maha-zava-dehibe ny Soratra Masina amin'ny andro farany, t. 29

Fikarohana ny Raki-tsarobidin'ny Tenin'Andriamanitra Mpampianatra teo aloha i Julie Weslake ary talen'ny departementan'ny Ministra Miadidy ny Ankizy any amin'ny Diviziona Pasifika Atsimo. Ny fiangonana sy ny fianakaviana ny finoan'ny ankizy no tena ankafiziny.

Tahaka ny sarintany misy harena miafina ny Baiboly. Mandritra ny fiarahantsika mamaky ny Baiboly amin'ity herinandro ity, dia hotrandrahantsika ny andininy mampianatra antsika ny momba ny:

- SABATA 1: Raki-tsarobidy ao anaty Baiboly, t. 33
- ALAHADY: Fitokiana amin'ny Baiboly, t. 34
- ALATSINAINY: Fandinihana ny teny, t. 35
- TALATA: Fampiharana ny Baiboly, t. 36
- ALAROBIA: Fibanjinana an'i Jesôsy, t. 37
- ALAKAMISY: Fahatakarana ny fanantenana, t.38
- ZOMA: Manavaka ny marina sy ny diso, t. 39
- SABATA 2: Fampaherezana, t. 40

# NY SORATRA MASINA: FANAMBARANA NY SITRAPON' ANDRIAMANITRA



Manorina ny finoana  
eo amin'ny tenin'  
Andriamanitra  
azô antoka

**E**fa maherin'ny 40 taona no nahafatesana sy nandevenana ilay lehilahy. Kanjo, indray maraina manjombonjombona dia tapaka ny fanganana tao amin'ny tokotanim-pasan'ny fiangonana tany Lutterworth tany Angeletera, indro lehilahy maromaro nitondra lapelina sy lapika nanatona ny fasana iray. Nitangorona nanodidina ilay fasana izy ireo, nomen'ireo mpitondra fivavahana baiko hamongatra ny fatin'i Jean Wyclef ireo mpiasa. Jean Wyclef, ilay pretra tian'ny olona ary manam-pahaizana izay najaina fatratra avy any Oxford, izay nodimandry tamin'ny 31 Desambra 1384. Rehefa izay dia nodorana ireo taolany sisa ary naparitaka tao amin'ny renirano Swift ny lavenona.

Inona loatra no nataony no dia tahaka izany no niafarany?

Nahoana re ny fiangonan'i Rôma no dia namoaka indray ny sisantaolany avy tao amin'ny tany?

Satria sahy nilaza ny marina i Jean Wyclef, ary nanome ny Tenin' Andriamanitra tamin'ny olona tamin' ny tenin-drazan'izy ireo.

HERINANDRO FIARAHAMIVAVAKA

## SABATA VOALOHANY

Taonjato iray mialoha ny nahaterahan'i Martin Luther dia nanambara izao i Wyclef : "I Kristy irery ihany no itokio; miraisa fo tanteraka amin'ny fahoriany; aoka tsy hikatsaka ny hohamarinina amin'ny fomba hafa ankoatra ny fahamarinany."<sup>1</sup>

## NY HERIN'NY SORATRA MASINA

Fantatr'i Wyclef ny herin'ny Soratra Masina, tapa-kevitra ny handika izany tamin'ny tenim-pireneny izy fa tsy amin'ny teny latinina ihany, izay teny fampisan'ireo avara-pianarana. Notohizany izany asa lehibe izany na dia niatrika fanoherana nivaivay aza izy, nohazavainy fa "mahatakatra kokoa ny lalân'i Kristy ireo Anglisy raha mianatra izany amin'ny teny anglisy. Tamin'ny teniny no nandrenesan'i Mosesy ny lalân'Andriamanitra; tahaka izany koa ireo mpianatr'i Kristy."<sup>2</sup>

Nanana hery miasa mangina lehibe ny Baibolin'i Wyclef satria nahazoan' ny olona an'arivony namaky ny Tenin'Andriamanitra. Izao no nosoratan'i John Foxe tao amin'ny bokiny nampitondrainy ny lohateny hoe Foxe's Book of Martyrs: "Na dianofongariny aza ny fatiny [Wyclef], nodorany ny taolany, ary natsipiny tany anaty rano ny lavenony, ny Tenin'Andriamanitra sy ny fahamarinan'ny fampianarany, na ny vokatra sy ny fahombiazan'izany dia tsy azon'izy ireo nodorana; mbola mitoetra hatramin'izao izany."<sup>3</sup>

<sup>1</sup> "John Wycliffe, Pre-Reformation Reformer," Christian History, Christianity Today, [www.christianitytoday.com/history/people/moversandshakers/john-wycliffe.html](http://www.christianitytoday.com/history/people/moversandshakers/john-wycliffe.html).

<sup>2</sup> Ibid.

<sup>3</sup> Ibid.

## NY BAIBOLINI TYNDALE

Azo heverina fa i William Tyndale, manam-pahaizana nianatra tany Oxford sy Cambridge izay nahafehy tenim-pirenena niisa valo, no mpandika ny Baiboly amin'ny tenim-pirenena hafa sady maritiora be mpahafantatra indrindra. Nipetraka tany Angletera izy tamin'ny taonjato faha-16, ary nahafantatra tsara ny Baibolin' i Wycleffe. Na dia mbola voarara aza izany dia nisy ireo dika mitovy amin'izany boky izany tany amin'ny varo-maizina, lafo vidy tokoa anefa izany ary sarotra ny nahitana azy.

Teo anatrehan'ny firoboroboan'ny fanontam-pirinty tany amin'ny taona 1500 dia nanapa-kevitra i Tyndale fa tonga ny fotoana hanavaozana ny dikan-teny anglisin'ny Baiboly mba ho azon'ny olona betsaka kokoa hovakina izany. Nadikany avy tamin'ny teny grika fototra sy ny lahatsoratra hebreo izany, fa tsy tamin'ny latinina tahaka izay nataon'i Wycleffe.

Tsy nahafahany nanao izany ny toe-javatra teo amin'ny lafiny arapivavahana tany Angletera ka nandeha nankany Alemania i Tyndale, efa novoizina ny Fanavaozana tany an-toerana tamin'izany ary efa vitan'i Lotera ny fandikana ny Soratra Masina ho amin'ny teny alemanina.

Niasa haingana i Tyndale, ka tamin'ny taona 1525 dia nampidirina an-tsokosoko tany Angletera ny TV nadikany. Tezitra mafy ny mpitarika ara-pivavahana rehefa hitany fa tsy nahasakana ny fipariahan'ny Tenin'Andriamanitra izy ireo. Nandritra izany fotoana izany anefa no nandikan'i Tyndale sy nanontany ny

antsasaky ny TT, nialoha ny namadihan'ny namany anankiray teratany anglysy azy.

Nogadraina nandritra ny 500 andro mahery tao amin'ny tranobe akaikin'i Bruxelles i Tyndale. Nafatotra tamin'ny foto-kazo iray teo an-tokotanin'ny tranobe izy ny volana Oktöbra 1536 ary nokendaina tamin'ny gadra vy lehibe nialoha ny nandorana azy.

I Jean Hus, pretra tchèque ihany koa dia sady mpandika ny Baiboly no maritiora.<sup>4</sup> Nisy koa ireo hafa nandalo tamin'izay nihatra tamin' izy ireo.

Inona no sarobidy loatra ao amin'ny Soratra Masina ka nahatonga ireto olona an'arivony ireto nanaiky ny hijaly sy ho faty? Moa ve tahaka izany no lanjan'ny Tenin'Andriamanitra ho antsika amin' izao fotoana izao?

Malalaka amin'izao andro izao ny fampiasana ny Baiboly. Miavaka ny Baiboly satria boky be mpividy indrindra teo amin'ny tantara, ary sokajiana ho boky voadika amin'ny tenim-pirenena betsaka indrindra. Misy boky sasany ao amin'ny Baiboly izay nadika tamin'ny tenim-pirenena 2932. Ny TV dia voadika amin'ny tenim-pirenena 1333, ary ny Baiboly iray manontolo kosa voadika amin'ny tenim-pirenena 553.<sup>5</sup>

<sup>4</sup> Emma Mason, "The murderous history of Bible translations," BBC History Magazine, [www.historyextra.com/article/feature/murderous-history-bible-translation](http://www.historyextra.com/article/feature/murderous-history-bible-translation); "John Huss, Pre-Reformation Reformer," Christian History, Christianity Today, [www.christianitytoday.com/history/people/martyrs/joh-huss.html](http://www.christianitytoday.com/history/people/martyrs/joh-huss.html)

<sup>5</sup> Statistics from Wycliffe Global Alliance, Oct. 2015, cited in Biblica, International Bible Society, [www.biblica.com/resources/bible-faqs/how-many-different-languages-has-the-bible-been-translated-into/](http://www.biblica.com/resources/bible-faqs/how-many-different-languages-has-the-bible-been-translated-into/).

## BOKY BE MPANIRATSIRA INDRINDRA

Na dia azo ampiasaina any amin'ny toerana maro aza ny Baiboly dia azo neverina fa io boky io no iray amin'ireo boky vitsy mpamaky indrindra ary be mpaniratsira indrindra teo amin'ny tantara. Mbola misy any amin'ny toerana sasany ny fanenjehana noho ny fananana Baiboly; misoko miadana kosa izany any amin'ny faritra hafa eto amin'izao tontolo izao.

Ny fomba fitsikerana mifandraika amin'ny tantara eo amin'ny fandinhana ny Baiboly no famelezana mandoza indrindra atao aminy. Ao amin'izany fomba fitsikerana izany mantsy no hanapahan'ny mpamaky ny amin'izay zava-dehibe na tsia, izay mendrika itokiana na izay azo avela ao amin'ny Baiboly. Raha manao izany anefa izy ireo dia mametraka ny tenany ho ambony noho ny Soratra Masina.

Famelezana an-tsokosoko ihany koa ny filazana fa tokony ho avara-pianarana na teôlôjianina ihany vao hahatakatra ny Baiboly, raha tsy izany dia ho ivelambelany fotsiny ihany ny famakiana ireo lahatsoratra. Mampahatsiay ny fiangonana katôlika rômanina izany fomba fisainana izany, izy ireo izay nanambara fa izay manampahalalana ao amin'ny fiangonana ihany no afaka mahatakatra izay ambaran' ny Soratra Masina.

Etsy andanin'izay, izao no nampanantenain'Andriamanitra ao amin' ny Teniny: "Ary raha misy hianareo tsy manam-pahendrena, aoka izy hangataka amin' Andriamanitra, Izay manome malalaka ho

an'ny olona rehetra sady tsy mandatsa; ary dia homena azy izany. Nefa aoka hangataka amin'ny finoana izy ka tsy hiahahanhana akory; fa izay miahahanhana dia toy ny alon-dranomasina entin'ny rivotra ka atopatopany." - Jak. 1:5,6

Nahoana ny Soratra Masina no manan-danja lehibe tahaka izany? Andeha hojerentsika indray mitopimaso ny telo amin'ireo antony marobe maha-zava-dehibe izany.

## MANAMBARA AN' ANDRIAMANITRA NY BAIBOLY

"Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra." - Jao. 1:1. Mampahafantatra antsika an' Andriamanitra ny Teniny. Asehony antsika ny fomba andrais'an' Andriamanitra an-tanana ny olan'ny fahotana sy ny fanirany ny hihavana amintsika. Maneho ny fahaiza-mamorona ananan'Andriamanitra sy ny fahamarinany ary ny drafiny ny Baiboly. "Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo, raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony." - Amô. 3:7.

Izao no ambaran'ny foto-pinoantsika laharana 1: "Ny Soratra Masina, dia ny Testamenta Taloha sy ny Vaovao, no Tenin'Andriamanitra voarakitra an-tsoratra izay nomen'ny tsindrimandrin'Andriamanitra tamin'ny alalan'ireo olona izay niteny sy nanoratra raha nohetsehin'ny Fanahin'Andriamanitra. Ao amin'io Teny io no nanoloran'Andriamanitra ho eo am-pelatanan'ny olombelona ny fahalalana ilaina hahazoam-pamonjena. Ny Soratra Masina no fanambarana tsy mety diso mikasika ny sitrapony.

Izy no filametry ny fitondran-tena, fisedrana ny fanandramana, fanehoana manana fahefana ny fampianarana, ary firaketana azo itokiana ny fiasan'Andriamanitra eo anivon'ny Tantara”<sup>6</sup>

## NY TENIN'ANDRIAMANITRA NO FAHAMARINANA

“Hoy Jesosy taminy: Izaho no lalana sy fahamarinana ary fiainana” - Jao. 14:6. Izao no nambarany tamin’ny vavaka nataony tamin’ny Ray araka izay hita ao amin’ny Jao. 17:17: “Manamasina azy amin’ny fahamarinana; ny teninao no fahamarinana.”

Rehefa niatrika ireo mpitondra fivavahana i Jesôsy, izay tezitra noho ny nilazany ny Tenany ho Ilay Zanak'Andriamanitra, dia ny Soratra Masina no nampiasainy hanamarinana ny fahefany: «Ny Ray Izay naniraka Ahy, Izy no nanambara Ahy», hoy i Jesôsy taminy. «Ary ny teniny tsy mba mitoetra ao anatinareo (...) Aza ataonareo fa Izaho no hiampanga anareo amin’ny Ray; misy ny mpiampanga anareo, dia Mosesy izay itokianareo. Fa raha mba nino an'i Mosesy hianareo, dia hino Ahy, satria nanoratra nilaza Ahy izy.» - Jao. 5:37-46.

Milaza i Jesôsy fa manambara Azy ny Soratra Masina. Manambara ny tanjon'Andriamanitra sy ny planiny izany, ary manazava ny fomba nidiran’ny ota teto amin’izao tontolo izao. Manambara ny famalian' Andriamanitra ny fahotana sy ny fifandraisany amin’ny olombelona izany, ary mampahafantatra ny toetran' Andriamanitra sy ny momba Azy.

## MANABE ANTSIKA NY SORATRA MASINA

“Ny Baiboly no tantara mazava indrindra sy mampianatra indrindra ananan’ny olona”, hoy i Ellen White. “Nivoaka mivantana avy tamin'ilay loharanon’ny fahamarinana mandrakizay izany (ny Baiboly), ary ny tanan'Andriamanitra no niaro ny fahadiovany nandritra ny taona rehetra. Ny tara-pahazavany dia mamiratra lavitra hatrany amin’ny lasa, ary tsy takatry ny sain’ olombelona izany na inona na inona ezaka ataony. Tsy misy afa-tsy ao amin’ny Tenin'Andriamanitra no ahitantsika ny tantaran’ny famoronana. Ao no hitantsika ilay hery izay nanorina ny fanambanin’ny tany sy namelatra ny lanitra. Ao irery ihany no misy ny tantaran’ny taranak’olombelona, izay tsy misy hevitra mibahaha mialoha na fireharehana avy amin’ny olombelona.” – Ellen G.White, Christian Education, p.37.

Tahaka an'i Jesôsy, ny Baiboly dia misandratra ambonin’ny kolontsaina, ambonin’ny fitsaratsarana, sy ny avonavona. Ambarany amin-tsika ny fahamarinana momba ny tenantsika, momba ity izao tontolo izao misy antsika ity, sy ny any ankoatra. Mampianatra antsika ny fomba atao mba hananana fifandraisana tsara amin'Andriamanitra sy amintsika samy isika izy, ary manome toky azo antoka fa azontsika atao ny manana fiainana ara-panahy mijoro tsara.

<sup>6</sup> 28 Fundamental Beliefs, 2015 edition, Seventh-day Adventist Church, [szu.adventist.org/wp-content/uploads/2016/04/28\\_Beliefs.pdf](http://szu.adventist.org/wp-content/uploads/2016/04/28_Beliefs.pdf).

Amin'izao androntsika izao, tahaka ny fahiny, dia avela ireo fahamarinana misy aina ao amin'ny Tenin'Andriamanitra ka atakalo vinavinan-kevitra sy hevi-dravin' olombelona. Maro ireo milaza ho mpitoky ny Filazantsara no tsy manaiky ny Baiboly manontolo ho teny avy amin'ny tsindrimandrin' Andriamanitra (...) Manao ny fanamarihana toa ambony noho ny Tenin'Andriamanitra izy ireny ka ny Soratra Masina izay tena ampiaraniry dia mifototra amin'ny fahefan'ny tenany ihany; potika amin'izay ny maha-izy ny Soratra Masina avy amin'Andriamanitra. Amin'izay dia mipariaka lavitra ny voan'ny tsy finoana, satria mikorontana ny ao an-tsain'ny olona ary tsy fantany intsony izay tokony hinoana.

*"Nampianatra Izy (Kristy) fa tokony ho azon'ny olona rehetra ny Tenin'Andriamanitra. Notondroiny ho fahefana tsy azo iadian-kevitra ny Soratra Masina, ary tokony hanao izany koa isika. Tokony haseho amin'ny Tenin'Andriamanitra tsy hita fetra ny Baiboly amin'ny maha-tompon'ny teny farany azy eo amin'ny adihevitra rehetra sy amin'ny maha-fototra iorenan'ny finoana rehetra azy." - HF; t.26,27.*

Eo am-pisaintsaina momba ireo maritiora mahatoky – izay nify hanao sorona ny tenany toy izay hiala amin'ny Soratra Masina – dia andeha isika handala, hampianatra sy history ilay Tenin'Andriamanitra velona sy mahery mandra-piavin'i Jesôsy, ka hilaza miaraka amin'i Davida hoe: “Ato am-poko no iraketako ny teninao, mba tsy hanotako aminao” - Sal. 119:11.

| Ted N. C. Wilson, filohan'ny Fiagonana Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito Maneran-tany.

#### SOSO-KEVITRA ANTOM-BAVAKA

1- Angataho Andriamanitra hanampy anao manokana hanana fitiavana lehibe ny Tenin' Andriamanitra sy fanoloran-tena ho amin'izany.

2- Mangataha amin'Andriamanitra mba hitahiany ireo izay “mamaky ny mofon’ny fiainana” ho an’ny fikambanan’ny mpino misy anao, ka manao izany amim-paharesen-dahatra.

3- Mivavaha ho an’ireo izay tsy mba manana tombontsoa mamaky ny Soratra Masina noho ny tsy fisiana na noho ny fanenjehana.

**“NA DIA METY HO HITA MANERANA IZAO  
TONTOLO IZAO AZA NY BAIBOLY DIA IZY  
ANGAMBA NO ANISAN’NY BOKY VITSY  
MPAMAKY INDRINDRA SY ENJEHINA  
INDRINDRA AMIN’IZAO ANDRO IZAO”**



Torohevitra azo avy amin'ny tsindrimandry izay mitombina ankehitriny tahaka ny tamin'ny fotoana nanoratana azy

**H**iatrika tsy ho ela intsony ny iray amin'ireo olana ratsy indrindra teo amin'ny tantarany ny Isiraely, tamin'ny taona 606 TIK. Ho rava afaka taona vitsivitsy, amin'ny taona 586 TIK, ny fanjakan'ny Joda. Nilefitra teo ambany fanapahan'i Egypa ny mpanjaka Jôiakima (izay nanjaka tamin'ny 609-598 TIK), ka nandoa hetra betsaka (2 Mpanj. 23:35). Ny taona nanaraka io (605 TIK), dia nandresy an'i Pharaoh Necko II sy ny tafika egyptianina i Nebôkadnezara faharoa, tao amin'ny adin'i Karkemisy, ka novainy avokoa ny firafitra ara-pôlitikan'ny Joda. Voatery hiala amin'i Egypa ka hiandany sy hanao fanekem-pahatokiana amin'i Babilôna i Jôiakima ankehitriny (2 Mpanj. 24:1).

Nampalahelo anefa ny nahita fa mpitarika nampahonena ny mpanjaka Jôiakima, izay vao tanora herotrerony, amin'izao fotoana henjana ho an'ny vahoakan'Andriamanitra izao.

## ALAHADY

Tsy nisy zavatra hafa noeritreretiny afa-tsy ny famorian-karena izay nitarika ho amin'ny kolikoly sy ny tsy rariny ary ny fanararaotana hafa koa (Jer. 22).

## HAFATRA AVY ANY AN-DANITRA

Tany ho any amin'ny taona 605 TIK, dia nandefana hafatra manandanja ho an'ny mpanjaka Jôiakima tamin'ny alalan'ny mpaminany Jeremia ny Tompo: “*Makà horonantaratasy hianao, ka soraty amin'izany ny teny rehetra izay nolazaiko taminao ny amin'ny Isiraely sy ny Joda ary ny firenena rehetra hatramin'ny andro nilazako taminao, dia hatramin'ny andron'i Josia ka mandraka androany. Angamba hoheverin'ny taranak'i Joda ny loza rehetra izay kasaiko hatao aminy, dia samy hiala amin'ny lâlany ratsy avy izy, ka havelako ny helony sy ny fahotany.*” - Jer. 36:2,3.

Nankatô i Jeremia ka notononiny tamin'i Baroka ny teny nomen'ny Tompo azy. Dia novakin'i Baroka teo anatrehan'ny vahoaka ilay horonantaratasy (and. 9,10).

Rehefa nandre ny hafatra ny vahoaka, dia taitra izy ireo ka nilaza hoe: “*Tsy maintsy holazainay amin'ny mpanjaka izany teny rehetra izany*” – and. 6. Nataon'izy ireo tokoa izany, saingy nasainy niafina aloha i Baroka sy i Jeremia.

MPANJAKA NANANA  
NY FIHETSIKY NY OLONA  
AMIN'IZAO VANINANDRON'NY  
TEKNOLOJIA IZAO

Novalian'ny mpanjakan'ny Joda tamim-pahasahiana miavaka izany. Izao no notaterin'i Jeremia: "Ary ny mpanjaka nipetraka tao an-trano ririnina tamin'ny volana fahasivy, sady nisy afo nirehitra teo am-patana teo anoloany. Ary nony efa namaky toko telo na efatra Jehody, dia notapatapahin'ny mpanjaka tamin'ny antsipika ny horonantarasy ka natsipitsipiny teo anaty afo teo am-patana, mandra-pahalevon'ny afo azy rehetra teo am-patana." - and. 22,23. Nampiseho fihetsiky ny olona amin'izao vaninandro izao tokoa i Jôiakima:

Tsy liana tamin'ny Tenin'Andriamanitra izy.

Nihevitra izy fa tena tsy nitombina mihitsy ny votoatin'izany.

Nino izy fa tsy nanana fahefana ny Tenin'Andriamanitra.

Nihevitra izy fa afaka ny hiaina tsy misy torohevitra avy amin'Andriamanitra.

Tsy rototra mihitsy izy ka tsy olana taminy ny namotipotika ny Soratra Masina.

Tsy tsapany akory fa nandà ny tombontsoa farany nomena azy hahafahany misoroka ilay olana izy.

Nandritra ny tantara nifandimby, dia nitarika fihetsika samihafa hanoherana ny Baiboly sy ny fahefany i Satana:

1. *Tamin'ny vanim-potoana nanjakan'ny fihazana sy ny fambolena: fandravana sy fanenjehana.*

2. *Tamin'ny vanim-potoana nisondrotan' ireo filozofa sy nampiroborobo ny fikarohana ara-tsiansa: fanafihana ara-poto-pisainana.*

3. *Amîn'izao varim-potoana mampiroborobo ny internety sy ny teknôlôjia izao: fihetsika tsy rototra sy mpaniratsira.*

NY FIHAIKANA AMIN'IZAO  
ANDRO ANKEHIRTRINY IZAO  
MAHAKASIKA NY BAIBOLY

Velona amin'ny fotoana misy olana koa isika ankehitriny: olana momba ny fisiana, olana aratoekarena, ary olana momba ny tontolo iainana. Ao amin'ny fianakavantsika dia miatrika olana mifandraika amin'ny sakafy sy fahasalamana ary filaminana koa isika. Aiza no ahitantsika valiny amin'ireny olana ireny? Hoy ny Baiboly: "Antsoy Aho, dia hovaliako hianao ka hampisehoako zavatra lehibe sy saro-pantarina izay tsy fantatrao." - Jer. 33:3. Tena manana vahaolana mahomby manoloana ireo fihaikana miseho eo amin'ny fiaianana andavanandro tokoa ny Tenin'Andriamanitra.

Inona anefa no ataon'ny fiarahanomonina amin'izao vanim-potoan'ny teknôlôjia izao? Fihetsika tsy rototra manoloana ny Soratra Masina no asehony, ary laviny izany satria mihevitra izy fa tsy manana fahefana ny Baiboly; misy fiezahana hamotika ara-bakiteny dika maro amin'ny Baiboly mihitsy aza.

Manampy ve ireo fihetsika ireo? Tsia, satria mbola manana filana ara-panahy tena izy ny olona. Eo amin'ny tontolo tsy mivavaka dia

mitady aim-panahy avy amin'ny loharano diso ny olona. Vokatra hafa kosa no hitantsika ao am-piango-nana: tsy fahalalana ny Soratra Masina.

Inona no vokatry ny tsy fahalalana ny Soratra Masina? Ny fisondrotan' ny "mysticisme" ara-Baiboly (finoana sy fitiavam-bavaka manana toetra saro-pantarina) sy ny fitomboan'ny olo-malaza ara-panahy; ny fitadiavana fanandramam-pivavahana mampitolagaga sy mampientanentana ny fihetseham-po: ny fipoiran'ny Kristianina "mahatalanjona", ka arahin'ny mpankafy ny fanambaràny sy ny fanazavany; ary ny fanorenana fiangonana mora andairan'ny karazana fitaka sy ny hadalana rehetra izay torina amin'ny anaran'Andriamanitra.

#### MANOHITRA NY FANDAVANA NY SORATRA MASINA

Tsy ho potika na oviana na oviana ny Tenin'Andriamanitra: "Maina ny ahitra, malazo ny voniny; fa ny tenin'Andriamanitsika dia haharitra mandrakizay." - Isa. 40:8. Na dia nopothehin'ny mpanjaka Jôiakima aza ilay horonan-taratasy, dia nandidy an'i Jeremia indray Andriamanitra mba hanoratra horonan-taratasy vaovao ka hanampy teboka hafa mihitsy aza (Jer. 36:28-31). Tsy misy olona afaka mampitsahatra ny fandrosoan'ny filazantsara. Tsy miankina amin'ny fon'olombelona miovaova ny Tenin'Andriamanitra (Lio. 19:14).

I Egipta no fanantenana lehiben' ny mpanjaka Jôiakima. Vokatr' izany, nikomy an-karihary tamin'i Nebôkadnezara izy tamin'ny taona

598 TIK, rehefa nampirisihin'i Farao. Noresen'ny mpanjakan'ny Joda lahatra ny olony fa raha miady amin'i Babilôna izy ireo, dia hanampy azy ny Egiptianina. Tsy izany anefa fa niteraka fanafihana avy amin'ilay tafika kaldeanina matanjaka ny fikomiany. Ny marina dia tsy nieritreritra ny hanampy ny Joda velively i Egipta; nanalava fotoana mba hanatanterahana ny tombontsoany manokana fotsiny izy.

Nandef aha-panantenana tamin' ny mpanjaka Jôiakima Andriamanitra izay nilaza fa hamonjy ny olony, saingy nolaviny izany satria nametraka ny fitokiany tamin'ny fanantenana sandoka izy.

Amin'ny maha-mpitondra ny Tenin'Andriamanitra antsika, dia tsy afaka ny hieritreritra isika fa horaisina tsara ny toriteny ara-Baiboly ataontsika. Amin'iazo fotoana izao dia maniry ny handre teny mankasitraka ny fahotany fotsiny ny olona maro. Izao no nosoratan'i Ellen White: "Endrey, ny hamaroan'ny olona mandà hihaino ireo fampitandremana averimberina aminy! Aleony mihaino mpampianatra sandoka izay mandrotsirotsy ny fizahozahoany amin'ny teny feno fandokafana ataony, hany ka mikorosy eo amin'ny fitondrantena ratsy izy. Mandritra ny androm-pahoriania, dia tsy hahita fierena ireny olona ireny, ary tsy hisy famonjena ho azy mihitsy avy amin'Andriamanitra. Fa ireo mpanompon' Andriamanitra kosa dia hahatanty amin-kerim-po sy amim-paharetana ny fitsapana sy ny fahoriania hihatra aminy noho ny faniniana nataony sy ny tsy

fiheverana azy ireo ary ny filazana lainga atao aminy. Hanohy hamita amim-pahatokiana ny asa nampa-naovin'Andriamanitra azy izy ireo, ary hotsaroany fa ireo mpaminany fahiny sy ny tenan'ny Mpamonjy mihitsy ary ireo Apôstoly, dia samy hiharan'ny fanevatevana mbamin'ny fanenjehana koa noho ny fitiavana ny Teny Masina." - *Prophets and Kings* (Mountain View, Calif.: Pacific Press Pub. Assn., 1917), p. 437.

#### FAMINTINANA MOMBA NY FAHEFAN'NY SORATRA MASINA

1. Andriamanitra irery ihany no mahafantatra ny hoavy. Izy no Loharanon'ny teny rehetra hita ao amin'ny Baiboly (Isa. 46:10; 2 Tim. 3:16).

2.Tsy azontsika atao ny manantena ny handraisan'ny olona mora foana ireo hafatra ao amin'ny Baiboly (Jao. 15:18,19).

3. Mirona amin'ny fandavana ny Tenin'Andriamanitra ny olona, amin'ny alalan'ny tsy firaihana sy ny fanaovana tsinontsinona ny fiaraha-monina amin'izao vanim-potoan'ny teknôlôjia izao, ka aleony matoky foto-kevitra sy filôzôfia diso (Apôk. 3:17).

4. Ny tsy fahalalana ny Soratra Masina dia mampiroborobo fana-ndramana ara-pivavahana mifototra amin'ny tombontsoan'ny tena manokana (Mat. 7:21-23).

5. Hitoetra mandrakizay ny hafatra avy amin'Andriamanitra na dia eo aza ny fandavan'ny olona (ary indraindray ny famotehany izany) (Mat. 24:35).

6. Manana ny fahefana fara tampony ny Baiboly. Koa tsy maintsy mitandrina ny hafatra raketiny isika (Sal. 119:160)

Alejandro Medina Villarreal,  
mpitandrina fiangonana any  
Villahermosa, Mexico.

#### SOSO-KEVITRA ANTOM-BAVAKA

1. Mivavaha mba hanampian'ny Tompo antsika hahafantatra ny fomba ahafahantsika manaja sy mankatô ny Teniny.

2. Mivavaha mba hanampian'ny Tompo ny fiangonany hitoetra ho mahatoky amin'ny Teniny raha mitory ny hafany amin'izao andro farany izao isika.

3. Mivavaha ho an'ny fianakavianaosy ny namanao izay mbola mila mahafantatra sy manaihy ny fahefan'ny Soratra Masina.

**NANDRITRA NY TANTARA NIFANDIMBY,  
DIA NITARIKA FIHETSIKA SAMIHAFA  
HANOHERANA NY BAIBOLY SY  
NY FAHEFANY I SATANA.**

# AHOANA NO HAMAKIANA NY SORATRA MASINA?



«*Tsy nangorakoraka va  
ny fontsika,  
raha niresaka tamintsika (...)  
Izy ka namoaka ny hevity  
ny Soratra Masina tamintsika?»*  
- Lio. 24:32.

**T**aorian'ny nahafatesan'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana dia latsaka tao anatin'ny fahakiviana lalina ny mpianatra. Araka ny hevitro, izany no iray amin'ireo zavatra mahatalanjona indrindra voasoratra ao amin'ny Baiboly. Raha sainina tsara izany dia misy zavatra tsy ampoizina.

Noho izany, nandritra ny asa nataony teto an-tany dia nampahafantatra mialoha im betsaka ireo mpianany i Jesôsy ny amin'ny hahafatesany sy ny hitsanganany amin'ny maty (Lio. 24:32). Na dia teo aza izany filaza mazava sy fanazavana izany dia tsy nampoizin'izy ireo ny hazo fijaliana. Ary raha nitsangana tamin' ny maty ny Tompo dia akory ny hagagan'izy ireo! Ahoana no hanazavana ny fihetsika nasehon'izy ireo?

Mampivarahontsana ahy, eo am pieritreretana izany, ny tsy finoan' ireo mpianatra, satria azoko an-tsaina fa izaho koa dia mety haneho fihetsika toy ny azy ireo. Eo anatrehan'izany dia manana vaovao mahafaly aho: tsy ilaina ny hisehoan'ny zavatra toy izany! Teny an-dalana ho any Emaosy dia nasehon'i Jesôsy ny fomba tokony hamakiantsika ny Soratra Masina.

## HERINANDRO FIARAHAMIVAVAKA

### ALATSINAINY

#### MINO NY TENIN' ANDRIAMANITRA

Tsy azon'ny mpianatra izany, hoy i Jesôsy, satria tsy nanana finoana izy ireo (Lio. 24 :25). Ny finoana ny tenin' Andriamanitra no dingana voalohany ho amin'ny fahazoana izany (Heb. 11:3).

Maro amin'ireo mpamaky ny Baiboly no mametraka ny finoan'izy ireo ao am-piangonana na amin'ireo mpitarika. Mahafaly azy ireo ny mamela azy ireo hieritreritra, raha izy ireo no tokony hanao izany, sy hihaino ny fanazavana ny Soratra Masina. Ny sasany amin'izy ireo dia manao izany amin'ny fahatsorana ny sasany kosa mihevitra fa ny Baiboly dia manana hevitra «ara-panahy» na «mifaina» ka tsy misy mahazo izany afa-tsy ireo olona voatokana ihany. Izany no fototra iorenan'ny fanoharana.

I Bernard de Clairvaux, pretra frantsay tamin'ny taonjato faha-12, ohatra, dia nanoratra toriteny iray izay nanana lohahevitra hoe: ny «nifin» ilay ampakarina voalaza ao amin'ny TonK. 4:2. Araka ny heviny, ny nifin'ilay vehivavy dia maneho ireo pretra amin'ny sokajy ambony sy ambany ao amin'ny mônasitera. Na dia manintona tokoa aza ny toriteniny dia tsy misy ifandraisany amin'ny hevi-teny fototra ao amin'ny TonK. 4:2 izany.

Tranga mitovy amin'izany no miseho ankehitriny rehefa manazava ny Soratra Masina ka miala amin'ny hevitra fototry ny teny ny mpitoriteny. Miteny amintsika betsaka momba ny fomba fanehoany hevitra sy izay tiany hambara momba ireo andalana voasoratra ny fanoharana toy izay ny tena hevitra marina fonosin'izany. Ny fanoharana dia mitaona antsika hametraka ny finoantsika amin'ireo zava-manana aina sy hanome voninahitra azy ireo.

Milaza anefa ny Baiboly fa Andriamanitra dia nanome ny teniny ho an'ny olona rehetra, ary azon'ny rehetra atao ny mahatakatra izany – eny, hatramin'ny zaza aza (Mat. 11:25,26; Jao. 7:17; 2 Tim. 3:14-17)

Miantehitra amin'ny fomba fisainan' olombelona ny mpamaky sasany. Andriamanitra anefa dia nanome antsika fahafahana hisaina. Tiandy ny hampiasantsika izany eo amin'ny fifandraisantsika Aminy (jereo ny Isa. 1:18). Ho an'ny sasany, mandrakariva dia ny fisainana no mampihena ny herin'ny tenin'Andriamanitra. Rehefa misy fanambaran'ny Baiboly ka tsy mifanaraka amin'ny fisainan'olombelona dia ampakan'izy ireo sisiny izany toy ny fahadisoana izay tafiditra tao anatin'ny Baiboly tamin'ny fomba isan-karazany. Lehibe noho ny fahafahantsika mahataka-javatra anefa Andriamanitra! Na inona na inona miseho dia tokony hatoky Azy isika. (Mat. 22:29-32; jereo ny 1 Kôr. 1:18-25)

Mbola mitoky amin'ny tenany ihany ny mpamaky sasany. Mamaky lahatsoratra ao amin'ny Baiboly izy ireo kanefa manadino ny tontolon-kevitra sy ny hevitra fototry ny andalana, hany ka manjary mitompo teny fantatra ho azy ny amin' ny fanazavana izany izy.

Jesôsy, ohatra, dia «namela fianarana ho [antsika], mba [hanarahantsika] ny diany», araka izay hitantsika ao amin'ny 1 Pet. 2:21. Inona no tian'ny Apôstôly holazaina eto? Raha raisina ivelan'ny tontolon-kevitra io andalan-teny io dia mety hidika fa isika dia tokony hiakanjo toy ny akanjo izay nanaovan'i Jesôsy, hitoetra tsy manam-bady toa Azy, ary zavatra maro tahaka izany, araka izay tian'ny mpitoriteny lazaina.

Mazava anefa ny tontolon-kevitra misy ilay andalana eto. Milaza amintsika Andriamanitra fa tsy tokony «hanota», «hiteny ratsy», na «handrahona» isika rehefa asian-dratsy. Rehefa mametraka ny tenantsika ho eo amin'ny tontolon-

kevitry ny Soratra Masina isika dia mihevitra ho azy fa mahavita mitondra ny fanazavana tena izy.

Farany, mandoa ny finoana ny sasany. Rehefa very hevitra noho ny fahasamihafan'ny fanazavana isan-karazany izy ireo dia tonga amin'ny finoana fa tsy misy na iray aza manana ny fahamarinana. Araka ny Soratra Masina anefa dia nanome antsika ny Fanahy Masina Andriamanitra hitari-dalana antsika «ho amin'ny marina rehetra» (Jao. 16:13).

Ny Raitsika dia maniry ny mba hame-trahantsika ny finoantsika eo Aminy fa tsy ao amin'ny fiangonana na amin'ireo mpitondra fiangonana, na amin'ny fihevitr' olombelona, na amintsika koa aza satria isika rehetra dia mety diso.

### MAMAKY NY SORATRA MASINA REHETRA

Nahoana no zavatra tsy nampoizin' ny mpianatra ny fahafatesan'i Jesôsy teo amin'ny hazo fijaliana? Antony iray amin' izany ny tsy namakian'izy ireo ny Soratra Masina «rehetra». Nifantoka tamin'ireo sehatra voalaza ao amin'ny Baiboly izay tiandy ihany izy ireo. Tiar'ny mpianatra ny fiantsoana hoe «Zanak'olona» satria nomarihin'izy ireo amin'ny maha-Lehilahy avy any an-danitra Azy i Jesôsy ao amin' ny Dan. 7:13,14, Izay handray ny fanapahana sy ny fanjakana tsy ho rava mandrakizay.

Milaza koa ny Soratra Masina fa ny Mesia dia hovonoina noho ny fahotantsika ka tsy hanana (Isa. 53; Dan. 9:26). Tsy azon'ny mpianatra ireo teny ireo, na ireo fampitandremana nataon'i Jesôsy, satria nandeha araka izay ninoany hatrany sy araka ny fanirany izy ireo. Tsy nanana «sofina mba handre» izy ireo. Na dia izany aza, «nanomboka hatramin'i Mosesy sy ny mpaminany rehetra, Jesôsy dia nanambara taminy ny hevitry ny teny milaza Azy ao amin'ny Soratra Masina rehetra.» - Lio. 24:26. Izany no tokony hataontsika! Ny mamaky ny «Soratra Masina rehetra», dia mangataka amin'

Andriamanitra mba hanome antsika «sofina mba handre» ny Soratra Masina manontolo – hatramin’ireo teny izay irintsika ho tsy marina na tsy tantsika aza.

### MAMPIHATRA NY SORATRA MASINA

Ny fankatoavana no dingana farany amin’ny fahazoana ny Soratra Masina. Ireo izay te hanao ny sitrapon’Andriamanitra nitra dia hahalala ny fahamarinana (Jao. 7:17). Izany no nitranga tamin’ireo mpianatra teny an-dalana ho any Emaosy. Rehefa nampirisika an'i Jesôsy hijanona hiaraka aminy izy ireo – satria inoana fa nanaiky ny hafatra nentiny izy ireo ka naniry ny hahalala bebe kokoa – «dia nahiratra ny mason’ireo, ka nahalala Azy» - Lio. 24:31.

Ny mifanohitra amin’izay dia marina koa. Amin’ny vanin’andro farany, ireo izay «*tsy nandray ny fitiavana ny fahamarinana*» dia ho voafitaka (2 Tes. 2:9-12; 2 Tim. 4:3,4)

Ny fahafahana mandray zavatra dia tsy toerana raikitra hahatongavana fa lalana hizorana. Ny fifandraisana ety amin’ Andriamanitra dia vokatry ny fiainana izay nandraisana fanapahan-kevitra hanai kily izay mety ho fatiantoka amin’ny fanarahana ireo toroheviny, sy ny fahazoana antoka fa ny Teniny dia fahamarinana ary ny fampanantenany dia azo

antoka. Vantany vao nandalo izany fisedrana izany ireo mpianatra, tahaka ireo mpianatra teny an-dalana ho any Emaosy, dia tsy afaka ny hangina izy ireo.

Félix H. Cortez,

*Mpampianatra mpanampy amin’ny taranja Asasoratry ny Testamenta Vaovao sady tompon’andraikirity ny “MA” (programme de maîtrise) momba ny fivavaha ao amin’ny Seminera Advantista mikasika ny teôlôjia ao amin’ny Oniversite Andrews, any Berrien Spring, Michigan (Etazonia).*

### SOSO-KEVITRA ANTOM-BAVAKA

1. Mivavaha mba hanomezan’ Andriamanitra antsika «sofina mba handre», sy finiavana hampihatra izay hitantsika ao amin’ny Soratra Masina.
2. Amin’ny maha-mpiray fanantenana, mivavaha mba hametrahantsika mazava ny finoantsika ao amin’ny tenin’Andriamanitra.
3. Amin’ny maha-Advantista dia manana iraka manokana isika hitarika ireo namantsika hahafantatra ny hafatry ny anjely telo. Mivavaha mba hahafahana mampihatra ny fitsipika izay mikendry ny handalina ny «Soratra Masina rehetra», ho amin’ny fahafahantsika mahazo izany sy ny hampianarantsika ny tenin’Andriamanitra koa.

**MILAZA NY BAIBOLY FA  
ANDRIAMANITRA DIA NANOME  
NY TENINY HO AN’NY OLONA REHETRA,  
ARY AZON’NY REHETRA ATAO NY MAHATAKATRA  
IZANY – ENY, HATRAMIN’NY ZAZA AZA.**



Ahoana  
no hahafantarantsika  
an'Andriamanitra  
raha tsy haintsika ao amin'ny  
Baiboly ny tantarany?

**N**itady trano ho an'ny akohonan-kelinay rangahy vadiko. Mbola kely ireo zanakay ary lavitra tokoa no misy ny tanan-dehibe vaovao. Noho izany dia i Bernie irery no nandeha nitady. Niezaka nipetraka teo amin'ny toerako izy rehefa mijery ny trano. Zahany tsara ny mombamomba ny efitrano rehetra sady maka sary an-tsaina izy hoe hanao ahoana ny fiarahanay miaina ao. Lehibe araka ny tokony ho izy ve ny lakozia? Tsy misy atahorana ho an'ny ankizy ve ny tokotany? Hahafaly ny rehetra ve ny mipetraka ato?

Efa 14 taona nivadiana izahay ary impito nifindra trano, koa fantatr'i Bernie tsara izay tiako. Fantany izay mahafinaritra ahy sy izay manahirana ahy, ary izay zavatra azonay ovana.

Farany dia nahita trano ho an'ny ankohonanay ihany i Bernie, trano izay hiarahanay monina, mifankatia, mihomehy sy mitomany, ary mianatra mandritra ny 11 taona manaraka indray. Nientana ny foko rehefa nitondra ahy nitsidika ilay tranonay vaovao izy. Hitako tokoa fa nipetraka teo amin'ny toerako izy teo am-pijerena ny zavatra rehetra. Mila fandokoana sy fikarakarana tsara ilay izy, kanefa tena mety tsara tokoa. Ny safidy nataony

## TALATA

tamim-pitandremana dia nifotra tamin'reeo zavatra nianaranay avy amin'ny fiarahanay amiko, avy amin'ny fihainoany ahy, ary avy amin'ny fandinhany ahy akaiky isan'andro teo amin'ny fiarahanay monina.

### MIATRIKA FAHASAHIRANANA

Azo lazaina ho mora ihany ny mitady trano. Ny fiainana kosa anefa dia feno fanapanahan-kevitra izay manahirana lavitra tokoa. "Nahazo asa misy fifanarahana mandritra ny telo taona any amin'ny firenen-kafa ramatoa vadiko. Indroa isan-taona monja izy no afaka mody. Kanefa ahafahana miantoka ny fianaran'reeo zanakay kosa izany. Hevitra mety ve izany?" "Tokony ho misionera mpamaky lay ve izahay?" "Tia olona iray tena mahavariana aho, ahoana no ahafantarako raha tian'Andriamanitra hivady izahay?" "Mikasi-tanana mamono ahy sy ny zanako rangahy vadiko. Ahoana no ahafahako miarotena sy miaro ny zanako?"

Ahoana no ahafahantsika mandray ny fanapanahan-kevitra "tsara indrindra" eo anivon'ny tsy fitoviam-pahalalana sy finoana ary hevitra? Ary ny fanapanahan-kevitra "tsara indrindra" araka ny fihevitr'olombelona dia tsy mitovy mandrakariva amin'ny fanapanahan-kevitra tsara indrindra araka ny fihevitr'Andriamanitra.

### MANASA ANAO HANANA

#### FIFANDRAISANA ETY AMINY

Tsy omen'ny Baiboly mazava isaky ny indray mandingana ireo torolalana ilaintsika amin'ny fiatrehana ireo zava-tsarotra tsirairay eo amin'ny fainantsika. Tsy ho vita ny hanoratra boky isaky ny toe-javatra tsirairay mitranga, hatramin'ny voalohany ka hatramin'iao fotoana izao. Miova miaraka amin'iao tontolo izao ny olona sy ny kolontsaina ary no olana.

Ny Baiboly dia manan-karena lavitra sy ilaina lavitra noho ny boky misy toromarika fampiasan'ny tena manokana. Fanasana avy amin'Andriamanitra izany mba hitadiavantsika Azy sy hahitantsika Azy eo amin'ny tantara rehetra sy eo amin'ny toe-javatra rehetra. Ao amin'ny Baiboly dia feno sary maneho tsara amin'ny tsipiriany ny toetran'Andriamanitra fitiavana. Ireo sary ireo dia toy ny singana piozila maro. Rehefa atambatsika ireny sary ireny dia izay isika vao mahazo ilay sary iray manontolo ka manomboka mahatakatra ny hevitrizany.

Manampy antsika hahita ireo lafiny maro amin'ny toetran'Andriamanitra fitiavana ny Baiboly ary manampy antsika hahatakatra fa maniry hiditra lalina eo amin'ny fainantsika Andriamanitra; manampy antsika hahay mitia Azy sy hifankatia koa ny Baiboly.

#### MIFANATRI-TAVA

“Ny Baiboly iray manontolo dia manambara ny voninahitr’Andriamanitra ao amin’ Kristy”, hoy i Ellen White. “Raha raisina sy inoana ary ankatoavina izany dia ho fitaovana lehibe manova ny toetra. Io no hery lehibe mandrisika sy mifehy izay mamelona ireo hery ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy, ary koa mitarika ny fainana ho amin'ny lalana tokony ho izy.” Ellen G. White, Mind, Character and Personality, (Nashville: Southern Pub. Assn., 1977), vol. 1, pp. 93, 94.

Amin'ny alalan'ny famakina ny Baiboly, sy amin'ny alalan'ny fifantohantsika amin'ilay toetran'Andriamanitra izay voaseho teo amin'ny fainan'i Jesôsy, dia manjary mifanatri-tava amin'ilay Loharanon'ny fitiavana izay manerana izao rehetra izao isika, ary manjary voaova hanam-pitoviana Aminy. Arakaraka ny ifankazarantsika Aminy akaiky kokoa no ahafahantsika mahazo tsara kokoa ny FITANTANANY SY FITARIHANY NY FAINANTSIIKA.

#### AMIN'NY ALALAN'NY MASOM-PITIAVAN'ANDRIAMANITRA

Araka ny halalin'ny fahalalantsika an' Andriamanitra no hahafantarantsika ny

halalin'ny fitiavany antsika sy ny olona hafa rehetra. Rehefa amin'ny alalan'ny fijerin'Andriamanitra feno fitiavana sy fahari-po no ijerentsika ny fainantsika feno fahotana dia ho mora kokoa ny handraisantsika fanapahan-kevitra feno fahendrena.

Rehefa tojo zava-tsarotra isika ka very hevitra dia azontsika atao ny miezaka mitanisa ireo olona rehetra voakasik'izany. Avy eo dia alaintsika sary an-tsaina ireo olona tsirairay ireo, ao anatin'izany ny tenantsika, ka jerentsinka amin'ny mason'Andriamanitra, ary apetratsika ireto fanontaniana ireto:

Inona no ilain'io olona io eo amin'ny lafiny ara-panahy, ara-pihetseham-po sy ara-pifandraisana ary ara-batana?

Inona no fomba tsara indrindra anehoana amin'io olona io ny fitiavan'Andriamanitra?

Inona amin'ireo lafin-toetrary no tian' Andriamanitra haschoko amin'ny toe-javatra toy izao?

Fomba ahoana no hahatonga ny fihetsiko handrisika ny hafa hanakaiky an' Andriamanitra?

Azontsika atao ny misaintsaina amim-pivavahana mba hanampy antsika amin'ny fiatrehana ny toe-java-manahirana. Tsarovy fa na dia tsy mandray ny fanapahan-kevitra tsara indrindra aza isika, dia mbola tia antsika hatrany Andriamanitra ary maniry ny tsara indrindra ho antsika. Tohizany hatrany ny asany ho fanatrarana ny tanjom-pitiavany amin'ny alalan'ny safidintsiaka na tsy tanteraka aza izany, dia sahala amin'ny nataony tamin-dry Abrahama sy Saraha ary Hagara; tamin-dry Josefa sy ny rahalahiny; ary tamin-dry Davida sy Batseba.

#### NY FITIAVANA NO LEHIBE AMIN'IREO

Ny fitiavana no lehibe indrindra amin'ireo toetra mahatalanjona ananan'Andriamanitra tra. «*Ry malala, aoka hifankatia isika;*

fa avy amin'Andriamanitra ny fitiavana, ary Izay rehetra tia no naterak'Andriamanitra sady mahalala an'Andriamanitra (...) fa Andriamanitra dia fitiavana (...) Ry malala, raha izany no nitiafan'Andriamanitra antsika, dia mba tokony hifankatia kosa isika. » - 1 Jao. 4:7-11.

Ny antony lehibe indrindra tokony hifankazarantsika akaiky amir' Andriamanitra dia ny mba hahazoantsika manandrana ny fitiavany feno hatsarampanahy, faharetana, famelan-keloka, mampahery, mandray ny mpanota sy malala-tanana, ary mba hahafahantsika ho tia Azy. Rehefa manandrana izany fitiavana izany eo amin'ny fainantsika manokana isika dia manjary vonona kokoa hizara ny fitiavany amin'izao tontolo izao sy hanampy ny hafa ho tia Azy koa.

Rehefa mila tsy ho zakantsika ny fahoriam-piaianana ka vaky ny fontsika dia ao amin'ny fanandramana niainantsika izay nahalalantsika ny toetran'Andriamanitra fitiavana no misy ny fampaherezana lehibe indrindra ho antsika. Manjary hitantsika ny fiheveran'Andriamanitra lalina ny manjö antsika sy ny adintska (Sal. 34:18); hitany ny vongan-dranomaso tsirairay izay mirotsaka eo amin'ny tavantsika (Sal. 56:8); ary fantany fa marefo isika (Sal. 103:13-18).

Iriny fatratra ny hahatongavan'ilay andro izay hahafahantsika miara-monina Amisy any an-danitra ka hamafany ny ranomasotsika rehetra (Apôk. 21:1-4).

**Karen Holford,**

*manam-pahaizana amin'ny "ergothérapie", ny "thérapie familiale", ary ny "psychothérapie systémique". Izy no filohan'ny sampana fainam-pianakaviana ao amin'ny Divizioni Trans-Eorôpeanina.*

## SOSO-KEVITRA ANTOM-BAVAKA

1- Mivavaha mba hanampian' Andriamanitra anao hahalala fa mitarika anao amim-pitiavana Izy mba hahitanao, ao amin'ny Teniny, ny valin'ireo fanontaniana apetrakao mikasika ny zava-misy eo amin'ny fainanaao.

2- Angataho Andriamanitra hanampy anao hitombo amin'ny fanahafana Azy rehefa mifantoka amin'ilay fitiavany voarakitra ao amin'ny Teniny ianaao.

3- Rehefa mianatra ny Teniny ianaao dia mivavaha mba hasehon' Andriamanitra aminao ny fitiavany, ka amin'ny alalanao dia haposany eo amin'ny fainan'ny hafa toy ny fahazavana izany fitiavana izany.

**MANAMPY ANTSIKA HAHITA IREO LAFINY MARO  
AMIN'NY TOETRAN'ANDRIAMANITRA FITIAVANA  
NY BAIBOLY ARY MANAMPY ANTSIKA HAHATAKATRA  
FA MANIRY HIDITRA LALINA EO AMIN'NY  
FIAINANTSINKA ANDRIAMANITRA; MANAMPY ANTSIKA  
HAHAY MITIA AZY SY HIFANKATIA KOA NY BAIBOLY.**

# MANAMBARA AN'I JESOSY NY SORATRA MASINA



Manambara an'i Jesôsy  
avokoa na ny  
Testamenta Taloha na ny  
Testamenta Vaovao.

**A**hoana no fomba anehoan'ny Baiboly amintsika an'i Jesôsy? Hita fa midadasika sy mahaliana tokoa ny valin'zany fanontaniana izany. Mampahery sy manova ny fainana ihany koa izany.

Ny toerana mety indrindra ahitana an'i Jesôsy ao amin'ny Baiboly dia ao amin'ny Filanzantsara — dia ireo milaza ny tantarany. Nə iza na iza efa namaky ny Filanzantsara dia mahafantatra fa maro ireo tantara miresaka momba ny zavatra nataon'i Jesôsy sy nolazainy. Mijery ireo zavatra nataon'i Jesôsy isika, ary amin'ny alalan'ny fandinihana izany dia mahafantatra ny momba Azy isika. Afaka mahafantatra Azy amin'ny alalan'ny teny ambarany koa isika. Amin'ny alalan'ny fandinihana ireo singa roa ireo no hahazoantsika mahafantatra ny tokony hatao. Andeha hojerentsika ny fomba itantarany Baiboly ny momba an'i Jesôsy.

## NY TANTARANY

Voalohany indrindra, azontsika atao ny mamaky ireo tantara momba an'i Jesôsy. Ny tantaran'i Jesôsy sy ilay vehivavy tratra nijangajanga, ohatra, dia angamba iray amin'ireo tantara malaza indrindra momba an'i Jesôsy. Ao amin'ny Jaona 8 no ahitana azy. Rehefa vakintsika tsara izany dia

## HERINANDRO FIARAH-A-MIVAVAKA

### ALAROBIA

hitantsika mazava fa natao hamandrihana an'i Jesôsy ilay tranga manontolo.

Ny famariparitana ny zava-miseho dia mampitebiteby: ny tarehy masiak'ireo mpiampanga, ny horohoro sy ny henatra nahazo ilay vehivavy, ireo mpitazana te hahafanta-javatra, ary i Jesôsy eo anivon'izany rehetra izany.

Ny tena manan-danja ao amin'io tantara io dia ny fihetsika nasehon'i Jesôsy tamin'ilay vehivavy any amin'ny faran'ny tantara. Tsy nanameloka azy Izy, na nibedy azy, na nanansongadina ny fahotany, na koa finaritra tamin'ny fanehoana ny tsy fahatanterahany. Tsy nandroaka ilay vehivavy Izy satria hoe tsy mendrika ny hijaraka amin'ny fiarahamonina izy. Nalemy fanahy taminy kosa Izy. Niegaza nanavotra azy araka izay azony natao Izy. Ny tsara indrindra no nokasainy hatao amin'ilay vehivavy, dia ny hamerina azy amin'ilay toetra mendrika kokoa izay nomen'Andriamanitra ny olombelona tany am-piandohana.

Ny ambaran'i Ellen White ao amin'ny bokiny ilay Fitiavana Mandresy, mikasika ny hatsaram-panahin'i Jesôsy dia mampahery tokoa: *"Nalemy ny fony ka niankohoka teo an-tongotr' i Jesosy izy, nigogogogo nanambara ny fitiavany feno fankasitrahaha, ka niaiky ny helony tamin'ny ranomaso mangidy."*

*Fiantombohan'ny fainam-baovao ho azy izany, dia fainana feno fahadiovana sy fiadanana, voatokana hanompo an'Andriamanitra."* - IFM, t. 495.

Hitantsika ao amin'io tantara io ny fihetsika nasehon'i Jesôsy manoloana ny fahadioana, ary tsy izany ihany fa ny fomba nampiasany ny zavatra rehetra manodidina mba ho fanavotana araka izay azo atao.

Hitantsika fa ny hatsaram-panahy dia matetika no manome lalana ho an'ny fiovana. Hitantsika ihany koa fa afaka manova fiainana i Jesôsy; ary mitady fotoana sy fomba mandrakariva Izzy hanaovana izany.

#### NY TENINY

Faharoa, azontsika dinihina akaiky ireo fitenin'i Jesôsy araka izay voasoratra ao amin'ny Filazantsara. Hitantsika eto ny fitenin'i Jesôsy, izay fohipohy raha oharina amin'ireo lesona midadasika kokoa izay nampianariny. Santionany amin'izany ity: «*Ny olona tsara fanahy dia mamoaka ny tsara avy amin'ny rakitra tsaran'ny fony; ary ny ratsy fanahy kosa dia mamoaka ny ratsy; fa amin'ny haben'ny ao am-pony no itenenan'ny vavany.*» - Lio. 6:45.

Fahamarinana fototra mikasika ny fiainana ity: izay zavatra apetratsika ao anatintsika lalina ao - ao am-po - dia tsy maintsy hiharihary eo imason'ny olona rehetra amin'ny farany. Raha mianatra mandeha amin'ny fahamarinana sy ny fahitsiana isika dia ho hita eo amintsika izany. Raha manolo-tena ho amin'ny ratsy sy ny fanaovan-dratsy kosa isika dia izany no vokatra ho hita eo amin'ny fiainantsika. Mazava ho azy fa ireo izay maniry ny hiditra amin'ny fanjakana dia hitandrina fatratra ny amin'izay zavatra tiany homen-danja sy andaniany ny fotoany, satria manova zavatra izy ireny amin'ny farany.

#### NY MAHA-IZY AZY

Fahatelo, afaka mahafantatra ny amin'i Jesôsy isika amin'ny alalan'izay lazainy momba ny Tenany. Zava-dehibe ireny fanambaràna ireny satria mampahafantatra antsika ny fandraisan'i Jesôsy ny Tenany izany. Ao amin'ny filazantsaran'i Jaona no tena ahitana maro amin'ireo fanambarany ny Tenany manokana ireo.

Hoy Jesôsy ao amin'ny Jao. 5:17,18: «*Ny Raiko miasa mandraka ankehitriny, ary Izaho koa miasa.*» Noho izany antony izany no vao mainka nahatonga ny Jiosy haniry ny hahafaty Azy - tsy noho ny namahany ny

Sabata ihany fa noho ny niantsoany an'Andriamanitra hoe Rainy, «*ka nanao ny tenany ho mitovy amin'Andriamanitra Izzy.*» - and.18. Io dia fanambarana mazava tsara izay nataon'i Jesôsy momba ny Tenany. Amin'ny alalan'ny famakina izany no ianarantsika mivantana avy amin'i Jesôsy ny momba ny maha-Izy Azy.

Manambara amintsika i Jesôsy fa tsy olombelona toy ny fahita mahazatra tahaka antsika rehetra Izzy. Mifandray mivantana amin'ny mandrakizay kosa Izzy, amin'Andriamanitra, Izay antsoiny hoe Rainy. Hita tamin'ny fihetsika nasehon'ireo izay nihaino Azy fa ny tian'i Jesôsy hambara dia: Andriamanitra Izzy. Azon'izy ireo tsara ny zavatra nolazain'i Jesôsy, ary blasfemia sy fanafintohinana no nandraisan'izy ireo ny famaritan'i Jesôsy ny Tenany, ka izany no nahatonga azy ireo naniry hamono Azy.

Io fanambaràna nataon'i Jesôsy momba ny Tenany io dia manohana ny finoan'ny Kristianina fa Andriamanitra i Jesôsy, fahamarinana iray izay tena manan-danja tokoa eo amin'ny fahafahany mitondra fanavotana ho antsika.

#### NY TORITENINY

Fahefatra, afaka mahafantatra zavatra betsaka momba an'i Jesôsy isika avy amin'ireo fampianarana lehibe nataony voarakitra ao amin'ny Baiboly. Ny sasany amin'ireny fampianarana ireny no nampitaina tamin'ny alalan'ny fanoharana, ary maro amin'izy ireo no fanta-daza mandraka ankehitriny. Anankiray amin'izany ilay ao amin'ny Lio. 18:1-8, izay tsy dia malaza loatra kanefa azo hakana lesona mahatalanjona.

Miresaka momba ny mpitondratena anankiray izany, olona izay anisan'ny tsy manan-kery indrindra eo amin'ny fiaraha-monina, sy mpitsara tsy marina iray. Ity mpitsara ity dia tsy nety nanome rariny an'ilay mpitondratena mahantara, noho izany dia niverina hatrany tany amin'ilay mpitsara ilay mpitondratena,

nanantena ny hahazo rariny, nitaraina taminy fatratra mba hitsinjovany azy, mandra-pahatonga ilay mpitsara hanome rariny azy ihany nony farany satria efa nankaleo azy ny fitarainany lava.

Mahaliana tokoa io fanoharana io, tsy noho ny fisian'ny olana vokatry ny fiangarana eo amin'ny fiarahamoina sy ny tsy rariny ara-pahefana ihany, fa noho ny lesona tsoahina avy amin'izany koa amin'ny alalan'ny fanoharana. Ny tiany hampitaina dia izao: tsy tokony hanao toy ilay mpitsara isika fa tahaka ilay mpitondratena kosa. Ary inona no lesona eto? Voalaza mazava tsara hatrany am-piandohan'ilay fanoharana fa: "tsy mety raha tsy mivavaka mandrakariva izy ka tsy reraka" - and. 1.

Avy amin'io fanoharana io dia fantatsika fa manan-danja amin'i Jesôsy ny fikirizana sy ny faharetana. Ampaherezina isika fa raha mitozo amim-pitandremana hatrany, dia hanampy antsika izany eo am-pamakivakiana ity fainana sarotra eto ambonin'ny tany ity. Noho izany, na dia olana kely monja aza dia matetika no mampitaraina antsika sy mahatonga fisalasalana ao anatintsika, ka mampametra-panontaniana antsika hoe: mbola mihevitra ny momba ahy ve Andriamanitra? Eto dia hitantsika fa ny vavaka sy ny fitozoana amin'izany dia manampy antsika hanam-paharetana. Mampahafantatra antsika momba an'i Jesôsy io fanoharana io, sy ireo hafa koa.

Mazava ho azy fa azontsika atao ny mijery ireo fanoharana maro hafa nataon'i Jesôsy izay mitondra soa ho antsika, saingy mitady ny valin'ity fanontaniana ity hatrany isika: "Ahoana no fomba anehoan'ny Baiboly amintsika an'i Jesôsy?

#### NY FIJOROANA HO VAVOLOMBELONA ATAONNY HAFA

Fahadimy, azontsika atao ny mahafantatra an'i Jesôsy amin'ny alalan'ireo fanehoan-kevitra nataon'ireo izay niaraka Taminy ka nanjary nanan-kevitra momba Azy vokatr'izany fiarahana izany. Io fanamafisana io dia

zava-dehibe satria avy amin'ireo izay niara-niriaria sy nanatri-maso an'i Jesôsy teo amin'ny fainany izany.

Iray amin'ireo hevitra lalina sy mahaliana indrindra voalaza ao anatin'io sokajy io ilay nataon'i Jaona, ilay mpianatra Malala, ao amin'ny Jao. 1:1-3. Manahirana ny firafitr'ireo teny ireo ho an'ny olona maro satria saika somary mahatsikaiky. Kanefa manambara fahamarinana goavana izany: « *Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra.* » - Jao. 1:1.

Koa satria i Jaona efa niaraka tamin'i Jesôsy, nahita azy niasa, nihaino ireo fampianarany, nandinika ny zavatra rehetra teo ambany fitarihan'ny Soratra Masina, dia nanjary tonga tamin'ity tsoa-kevitra miavaka ity hoe: Jesôsy dia Andriamanitra, toe-javatra izay tsy ara-dalâna raha araka ny fisainantsika. Niharihary loatra tamin'i Jaona izany, hany ka tsy maintsy tonga tamin'io fehin-kevitra io izy.

Nianatra zavatra betsaka momba an'i Jesôsy isika tao anatin'ity fizarâna ity. Tsy olombelona tahaka ny hafa izy. Zanak'Andriamanitra Izy, araka ny filazany. Takatr'ireo izay niara-niasa Taminy tsara izany.

Ireo fomba voalaza hatreto mba hahafantarantsika hoe ahoana no fomba anehoan'ny Baiboly an'i Jesôsy dia tsotra ary tsy saro-pantarina. Mampianatra antsika momba an'i Jesôsy amin'ny fomba mazava sy miavaka tsara izany.

#### IREO FAMINANIANY

Farany, azontsika atao ny mahafantatra an'i Jesôsy any amin'ny toerana hafa ao amin'ny Baiboly; sarotsarotra kokoa izany fomba izany saingy ahazoantsika fanampim-panazavana maro. Miainga avy amin'ilay adihevitra momba ny Mpamony na ny Mesia iray izany.

Milaza ny Kristianina fa teny fikasana maro isan-karazany no tanteraka ao amin'i Jesôsy — indrindra fa ireo voarakitra ao amin'ny Testamenta Taloha — mikasika ilay Mesia ho avy.

Rehefa ampifandraisintsika amin'i Jesôsy ireny teny fikasana ireny dia mahafanta-javatra marobe isika izay tena mahaliana tokoa: zavatra izay hita hatrany amin'ny bokin'ny Genesisy, ilay boky misy ny teny fikasana voahany natao tamin'i Adama sy Eva taorian'ny nanotan'izy ireo. Io teny fikasana io dia nomena azy ireo tamin'ny fomba tsy mivantana, tao amin'ilay ozona natao ho an'ilay menarana: «*Dia hampifandrafesiko ianao sy ny vehivavy ary ny taranakao sy ny taranany: izy hanorotoro ny lohanao, ary ianao kosa hanorotoro ny ombelahin-tongony.*» - Gen. 3:15.

Hitantsika miforona eto ilay teny fikasana voalohany izay mampantanena zavatra maro mikasika ny fanafahana amin'ny ozona vokatry ny fahotana, amin'ny alalan'i Jesôsy.

Fomba maro isan-karazany no anambaran'ny Baiboly amintsika an'i Jesôsy. Boky lehibe iray mirakitra karazana hevitra maro ny Baiboly, kanefa iray ihany ny foto-kevitra ao anatiny. Tao amin'ny naha-Persôna an'i Jesôsy, Izay

nahazoantsika fanavotana, dia niasa tamin'ny fomba hentitra Andriamanitra teo amin'ny tantara. Andeha isika mba ho anisan'ireo izay maharitra amin'ny finoana!

**David Thomas,**

*izay manana "doctorat en Ministère", dia miandrakitra ny sekoly "School of Theology" any amin'ny Universiten'i Walla Walla, "College Place", Washington, United States.*

## SOSO-KEVITRA ANTOM-BAVAKA

1. Mivavaha mba hitozoantsika hatrany amin'ny famakiana ny tantaran'i Jesôsy ka hahalalantsika Ilay Mpamony antsika.
2. Mivavaha mba hisian'ny fahazotoana mianatra ny Baiboly sy faniriana lalina hahalala misimisy kokoa ny momba an'i Jesôsy.
3. Mivavaha mba haneren'ny fitiavan'i Jesôsy antsika hanambara amin'ny hafa ny momba Azy.

# **FAHAMARINANA FOTOTRA MIKASIK NY FIAINANA ITY: IZAY ZAVATRA APETRATSIKA AO ANATINTSIKA LALINA AO - AO AM-PO - DIA TSY MAINTSY HIHARIHARY EO IMASON'NY OLONA REHETRA AMIN'NY FARANY.**



Tsy misy dikany  
ny fahorianana eto amin'ity  
izao tontolo izao ity  
raha oharina amin'ny  
voninahiny ho avy.

Nijoro teo amin'ny tendrombohitra Nebo i Mosesy, fantany fa efa ho faty izy, nitazana ilay tany nampanantenaina. Hitany ireo lemaka maitso mavana sy tanim-boaloboka, dia araka izay efa nampanantena'ny Andriamanitra tokoa. Nahita ny fahorian'ny Israely tany Egypta i Mosesy, nahita ny fampijaliana azy ireo, ary dia nisafidy ny hankatô ilay antson'Andriamanitra izy mba hanafahana azy ireo amin'ny fananandevozana. Nafoiny ny fiadanam-pianany noho ny fananany harena sy hoavy mamiratra tao Egypta ka naleony « *nifyd (mantsy) hiara-mitondra fahorianana amin'ny olon'Andriamanitra toy izay hanana fifaliana vetivety amin'ny fahotana,* » (Heb. 11:25). Nanompo tamin'ny fiandrasana ondry tamim-panetren-tena izy, avy eo dia niaritra ny fitarainan'ny Israely an-taonany maro. Ankehitriny izy niatrika irery ny fahafatesany, fantany fa tsy ho afaka hiditra ny tany nampanantenaina izy ka hahita ny fahatanterahan'ilay teny fikasan' Andriamanitra ho an'ny Israely. Toa tahaka ny very maina mihitsy ny fainany feno fahafoizan-tena sy zava-tsarotra. Ory tokoa izy.

Ny fihetseham-pon'i Mosesy tamin'io fotoana io dia nahitana taratra ny zavatra tsy rariny rehetra misy eto amin'ity izao

## ALAKAMISY

tontolo izao ity. Na miezaka mafy toa inonaaza isika dia toa tsy mba mankasitraka mihitsy ny olona. Toa tsy mahavita na inona na inona isika manoloana ny fahorian'ireo malalantsika. Farany dia mifanehatra amin'ilay fahavalo tsy azo ihodivirana isika, dia ny fahafatesana izany.

Soa ihany ny Baiboly fa manome fanazavana mikasika ny toe-java-misy eo amin'ity tontolontsika ity ary manome antsika fanantenana be voninahitra.

### NY TAMBINNY OTA

Manomboka amin'ny fitantarana mahafinaritra ny famoronan'Andriamanitra izao rehetra izao ny Baiboly. Tamin'ny fomba kanto no namoronan'Andriamanitra ny zavatra rehetra ary tao anatin'ny firindrana tanteraka izany. Tsy nisy fahorianana na fahafatesana tao Edena. Kanefa niankina tamin'ny fahotokian'ny olombelona amin'Andriamanitra ny fahafahany: noho ny nifidianany tsy hankatô an'Andriamanitra dia nanjary nahatratra ny taranak' olombelona ny fahorianana sy ny fahafatesana (Gen. 2:16, 17; Ohab. 16:25; Jak. 1:15). Noroahina hiala tao amin'ilay saha i Adama sy Eva, ary simban'ny fahotana sy ny fahalòvana niaraka taminy ny voary manontolo (Gen. 3:16-24; Rom. 8:20-22). Isika, izay taranak'izy ireo, dia niharan'ny vokatr'izany nanomboka teo (Rom. 5:18).

### ILAY FANOMEZANA AVY AMIN' ANDRIAMANITRA

Ny finoan'i Mosesy ny teny fikasan'Andriamanitra dia nampahery azy haharitra ireo fahorianana tany an'efitra efa am-polo taonany maro. Nahita maso ny hery sy ny fahefan'Andriamanitra izy, fantany fa ho mahatoky amin'ny Teminy Andriamanitra. Hatramin'ny nidiran'ny ota dia nampanantena ombieny ombieny Andriamanitra fa hanafaka antsika amin'ny

fanandezozan'ny fahotana sy ny fahafatesana, sady nanome porofo fa afaka manatanteraka izany toky nomeny izany Izy (Deot. 7:9; Heb. 10:23). Teraka ihany i Isaka na dia teo aza ny fahanteran'i Abrahama sy Saraha (Gen. 12:2; 21:2,3). Tafavoaka tao Egypta tamin'ny fomba mahagaga ny zanak'Israely, namaky ny Ranomasina Mena ka tany maina no niampitany izany (Eks. 2:23-25; 14:29). Namelona ny vahoaka nandritra ny 40 taona tany an'efitra Andriamanitra, nanome azy ireo ny mana ho sakafony isan'andro (Deot. 8:1-10). Maro tsy voatanisa ireo fotoana nanafahan'Andriamanitra ny Israely tao anatin'ny ady: tamin'ny alalan'i Joso, Debora, Gideona, sy ny maro hafa koa.

Kanefa ny porofo lehibe indrindra fa hanatanteraka ny teny fikasany tokoa Andriamanitra dia i Jesôsy. Andalan-teny maro ao amin'ny Testamenta Taloha, anisan'izany ilay teny fikasana momba ny fanafahana taorian'ny nanotan'i Adama sy Eva, no manondro ny Mesia (Gen. 3:15; Nom. 24:17; Deot. 18:15; Isa. 53). Ny fanompoana nataon'i Jesôsy dia fanehoana fa manam-pahefana amin'ny fahotana sy ny fahafatesana Andriamanitra. Ireo fahagagana nataony dia mampiseho an'Andriamanitra manasitrana sy mamelona ny herin'ny olona izay trotraky ny aretina sy ny fahoriana. Ny fandroahany ireo demonia dia mampiseho ny fahefany manapaka ny herin'ny ratsy.

Teo amin'ny hazo fijaliana anefa no hita niharihary hoe hatraiza ny herin'ny ota sy ny fahafatesana. Jesôsy, Ilay Zanak' Andriamanitra tsy nahalala ota, dia nitondra ny fahotan'izao tontolo izao manontolo. Maty irery izy, torotoro teo ambanin'ny vesatry ny fisarahany tamin'ny Rainy. Saingy nitsangana tamin'ny maty tamin'ny andro fahatelo Jesôsy, nasehony fa manam-pahefana amin'ny fahafatesana Izy, nitafy ny

fainana mandrakizay izay nataon' Andriamanitra ho an'ny olony Izy.

Ny fitsanganan'i Jesôsy tamin'ny maty no fototra iorenan'ny finoantsika. Raha toa ka tsy nitsangana tamin'ny maty izy dia tsy hisy antony tokony hanantenantsika hoavy tsara kokoa (Jao. 11:25, 26; 1 Kor. 15:13-26). Kanefa noho ny nandreseny ny fahafatesana dia mahazo matoky isika fa hiverina indray araka ny efa nampanantenaina Izy mba hamerina ity tontolo ity amin'ny voninahiny tany am-piandohana. Amin'izay andro izay dia : "Tsy hisy fahafatesana intsony, sady tsy hisy alahelo, na fitarainana, na fanaintainana; fa efa lasa ny zavatra taloha" (Apôk. 21:4; jereo koa 1 Kor. 15:51-53).

Nino izany teny fikasana izany i Mosesy. Fantany fa tsy misy dikany ny fahoriana eto amin'ity izao tontolo izao ity raha oharina amin'ilay hoavy be voninahitra izay efa nomanin'Andriamanitra ho antsika. Noho izany dia nahatoky hatramin'ny farany izy. Ary na dia tsy navela hiditra ny tany Kanâna aza izy dia nambaran'i Jesôsy kosa fa zanany ary natolony azy ny fitahian'ny fainana mandrakizay (Heb. 11:26, jereo koa Rom. 8:18).

#### MANANTENA

Fahotana, fahoriana sy fahafatesana no lalàm-piaínantsika eto amin'ity izao tontolo izao ity. Mbola mahazo matoky hatrany anefa isika fa hotanterahan'Andriamanitra ny teny fikasany hanavao ny zavatra rehetra, ka tsy hisy intsony mandrakizay ny fanaintainana sy ny fahafatesana. Na dia tsy misy tokony hahakivy aza dia tsy tokony hipetra-potsiny kosa isika ka hiandry an'Andriamanitra hiditra an-tsehatra. Na dia tokony hifantoka amin'ny hoavy aza ny fijerintsika eto amin'ity fainana ity dia mbola manana andraikitra hatrany kosa isika ho an'ny ankehitriny.

Tafiditra ao anatin'izany andraikitra izany ny mahatsapa ny fahorian'ireo manodidina antsika, ny mampahery ireo ory fo, ny manampy ny sahirana. Anisan'izany koa ny fanajana ny lalân'Andriamanitra, ny fatokiana fa «*Ny fahatahorana ari'i Jehovah no ahazoana fainana*» (Ohab. 19:23; jereo koa 12:28).

Farany, midika izany fa tokony hozaraintsika amin'ny olona rehetra araka izay tratrantsika ny vaovao mahafalin'ny famonjena sy ny fanantenana be voninahigra ananantsika. Ny ezaka tsara indrindra vitan'ny olona dia hitondra azy ireo mivantana mankany amin'ny fahafatesana raha toa ka tsy misy izany hafa-panantenana izany. Saingy azontsika atao ny manambara amin-kafanam-po ny nandresen'i Kristy ny fahafatesana! Amin'ny alalan'ny finoantsika Azy dia mahazo matoky isika fa miandry antsika ilay tany nampanantenaina.

## SOSO-KEVITRA ANTOM-BAVAKA

1. Mivavaha mba hiredareda ao am-pontsika ny fanantenana ananantsika ao amin'i Jesôsy.
2. Angataho Andriamanitra mba hanampy antsika hizara ny fanantenantsika amin'ny hafa isan'andro.
3. Eo am-pizarâna io fanantenana io amin'ny hafa, amin'ny fampiharana izany eo amin'ny fainantsika, dia mivavaha ho ari'reo misiônerantsika manerana izao tontolo izao sy ho an'ny fiangonana misy antsika.

### Keldie Paroschi,

avy any São Paulo, Brésil, dia nahazo diploma  
“Baccalauréat” amin’ny taranja teôlôjia tao amin’ny  
Université “Adventist University Centre” ao São  
Paulo. Eo am-pamitana ny fianarany hahazoany  
“Maîtrise ès arts” izy ao amin’ny oniversite  
“Andrews”, Etazonia

**HATRAMIN’NY NIDIRAN’NY OTA  
DIA NAMPANANTENA OMBIENY  
OMBIENY ANDRIAMANITRA  
FA HANAFAKA ANTSIKA AMIN’NY  
FANANDEVOZAN’NY FAHOTANA  
SY NY FAHAFATESANA.**

# MAHAY MANAVAKA NY TSARA SY NY RATSY

Mahay maka  
fanapahan-kevitra hendry  
ny mpianatra  
Soratra Masina.

**F**ony aho mbola tanora dia namaky ity soratsoratra tamin'ny rindrina ity, izay nahavaka ny saiko: "Zara raha misy ny fahafahana. Hatramin'zao dia mbola tsy fantatra anarana izay zavatra iriko."

Toa efa nahatratra ny fara tampony ity izao tontolo izao misy antsika ity raha resaka "relativisme", izany hoe tsy voafaritra mazava ny fahamarinana na ny tsy fahamarinan'ny zavatra iray fa miankina amin-javatra maro izany. Rehefa mety ho fahefana na fombafomba dia tsy tian'ny olona intsony. Maro ireo maniry ny ho afaka hanova ny endriky ny vatany araka izay tiany. Ny "pluralisme", izany hoe ny fanekena malalaka ny fisian'ny fanehoan-kevitra maro isan-karazany avy amin'ny olona na fikambanana maro samy hafa, dia nampiroborobo ny fisian'ny hevitra maro isan-karazana manazava ny Soratra Masina. Ny teôlôjia "postmoderne", izany hoe tsy mionona amin'ny hevitra tokana fa mandray hevitra maro avy amin'ny hafa, dia manao izay handravana ny rafitra rehetra manery ny olona ho eo ambany fifehezan'ny fitondrana

HERINANDRO FIARAHAMIVAVAKA

## ZOMA

iray, izay tohanan'ny Baiboly araka ny fiheverany azy, ka mampirisika ny fahalalahana amin'ny lafiny marobe. Mahazo vahana ny hevitr'olombelona raha miolotra amin'ny fahalalana ny fahamarinana avy amin'Andriamanitra.

Fomba ahoana no hahaizana manavaka ny tsara sy ny ratsy amin'izao andron'ny "relativisme" izao?

### NY FAHALALANA AN' ANDRIAMANITRA

I Hôsea dia naminany momba ireo foko ao avaratr'i Israely nialoha kely ny naharava io fanjakana io tamin'ny taona 722 talohan'i Kristy. Tsy nanaja ilay fanekeny tamin'Andriamanitra ny Israely ka nandentika ny firenena tao anatin'ny kirizy mafy ny fanompoan-tsampy. Ny fiankohofana tamin'ny ombilahy kely (Hôs. 8:5;6; 10:5), izay nataon'i Jerôboama (1 Mpanj. 12), dia nampirongatra ny fitondrantena maloto tahaka izay nitranga tao Sinay (Eks. 32:6,7).

Tao anatin'izany kirizy izany dia nampitandrina ny Tompo fa i Samaria dia «Hovaliana (...) noho ny helony, fa niodina tamin'Andriamaniny izy; ho lavon-tsabatra izy» - Hôs. 14:1. Ny fahalavoan'ny Israely dia vokatry ny tsy fisian'ireto toetra telo fototra ireto: «tsy misy fahamarinana, na fitiavana, na fahalalana an'Andriamanitra» (Hôs. 4:1), tsy misy "fahalalana" satria tsy misy fanajâna ny didin'Andriamanitra (Sal. 119:66) sy tsy misy "fahatahorana an'i Jehovah" (Ohab. 1:7;2:5).

Noho ny haben'ny famindrampony dia nampanantena ny Tompo fa hamerina amin'ny laoniny ny zavatra rehetra. Ny fahababoana dia ho toy ny "efitra", toerana izay hiresahan'Andriamanitra amin'ny fon'ireo zanany (Hôs. 2:14). Avy eo dia hotapahin'Andriamanitra ny herin'ny fahavaloka "hataony mandry fahizay" indray ny olony (and. 20). Hampody indray ny Isiraely ny Mesia satria ho feno "fahalalana" an'Andriamanitra izy noho ny asan'ny Fanahy Masina (Isa. 11:2). Ho feno fahalalana an'Andriamanitra ny tany vokatry ny asa nataon'i Kristy (Isa. 33:6; Hab. 2:14).

Nila nandinika sy nisaintsaina ny didin'Andriamanitra, izay vavolom-belon'ilay fanekena nataony tamin' Andriamanitra ny zanak'i Isiraely, mba hananany izany fahalalana izany. Hoy Mosesy nanafatrafatra: "Ary aoka ho ao am-ponao izao teny (lalâna) andidiako anao anio izao" ary "fehezo ho famantarana eo amin'ny tananao ireny" - Deo. 6:6,8. Ny "fisaintsainana" ny lalân'Andriamanitra dia fifaliana ho an'ny mpanao salamo (Sal. 119:97). Nataony tao "am-pony" izany mba tsy hanotany (and. 11). Io "fahalalana" io dia miankina amin'ny fisaintsainantsika ny didin' Andriamanitra sy ny fianarantsika manao ny tsara ka miala amin'ny ratsy.

Araka izany dia fanandramana manome fahalalana sy fanabeazana ny fivavahana ara-Baiboly. Ny fandinihana sy ny fisaintsainana ary ny fampianarana ny lalân'Andriamanitra no zavatra atao voalohany indrindra mba hahatonga ny vahoakan'Andriamanitra rehetra hahalala ny atao hoe tsara, marina sy masina, ary amin'ny alalan'izy ireo dia hiely eran'izao tontolo izao koa izany. Manjary fahazavana ireo olon'Andriamanitra rehefa mizara fahalalana toy izany amin'ireo manodidina azy.

Hita ho misy itoviany tokoa izao androntsika izao sy ny zava-nisy tamin'ny andron'i Hôsea. Na dia efa fanao ankehitriny aza ny

fombafombam-pivavahana sy ny famakiana Baiboly dia mihavery kosa ireo foto-pisainana sy fahendrena ara-Baiboly izay mampirisika ny fahatahorana an' Andriamanitra. Ahoana no ahafahantsika mitahiry ny fahalalana an'Andriamanitra?

### MAMPIANATRA FAHALALANA

Tao Isiraely, ny fahalalana an'Andriamanitra dia nampitaina tamin'ny alalan'ny fanopoam-pivavahana sy ny asan'ireo mpisorona, izay manana molotra "tokony hitahiry fahalalana", ka "ny lalâna hotadiavina eo am-bavany" - Mal. 2:7.

Asa natao mandrakariva ny fampianarana ny amin'ny sitrapon' Andriamanitra. Ao amin'ny tempoly, ankoatra ireo fombafombam-pivavahana, ny fanopoam-pivavahana dia natao ho fanabeazana. Natokan'i Davida ny taranak'i Asafa sy Hemana ary Jedôtona mba "haminany amin'ny lokanga sy ny valiha ary ny kipantsona" - 1 Tant. 25:1. Tany amin'ny sinagôga, ny atao hoe manompo an'i Jehôvah dia mianatra ny lalâny.

Ao amin'ny Testamenta Vaovao, ny fahalalana an'Andriamanitra dia hita ao amin'ny fampianaran'i Kristy (Lio. 1:77) sy ny an'ny apôstoly izay mifototra amin'ny Baiboly (2 Tim. 3:16). Manambara i Jaona fa "ny fiainana mandrakizay" dia ny "mahafantatra" an'Andriamanitra sy Jesôsy Kristy (Jao. 17:3). I Paoly dia milaza ny fahalalana an'Andriamanitra ho toy ny fototry ny fivavahana marina (Kôl. 1:9). Ny fandavana izany fahalalana izany dia mitarika ho amin'ny fanaovana "zavatra tsy tokony hatao" sy fiainana "feno ny tsi-fahamarinana rehetra, ny faharatsiana, ny fieremana, ny lolompo, feno fialonana, vonoan-olona, fifandirana, fitaka, otri-po" - Rôm. 1:28,29.

Etsy ankilany kosa, mitarika ho amin'ny "firaisan'ny finoana" sy mahatonga "ho lehilahy lehibe, mahatratra ny ohetry

*ny halehiben'ny fahafenoan'i Kristy* - Efes. 4:13, ny fahalalana ar' Andriamanitra.

Nahoana isika no tsy maniry ny banana ny lalàn'Andriamanitra ao am-pontsika?

#### NY FITIAVANA NY FAHAMARINANA

Momba ny andro farany dia nilaza mialoha i Paoly fa hiala amin'ny tany ny Fanahy Masina. Ny antony dia satria diso lalana tanteraka ireo izay nandà ny fahamarinana hany ka “inoany ny lainga”, “nankasitraka ny tsy marina” izy ireo, ary manao ny faharatsiana ho avy amin'Andriamanitra (2 Tes. 2:7-11; 4; jereo Apôk. 13:3, 4).

Hoy i Ellen White manamafy izay nolazain'i Paoly: “*Izay nazoto nianatra ny Soratra Masina ihany, ary izay nandray ny fitiavana ny fahamarinana ihany no ho voaaro amin' ny fitaka mahery vaika izay hamabo an' izao tontolo izao.*” - HM, t.651.

Ny fitoriana Baiboly sy ny famakiana tantara fotsiny dia tsy ampy hamahaha ny olan'ny “relativisme” sy ny tsy fisian'ny fahendrena amin'izao andro izao. Miankina amin'ny fisaintsainana ny lalàn'Andriamanitra ny fahatahorana an'Andriamanitra, izay nomena hitardalana antsika haka fanapaha-kevitra sy hanao safidy mendrika sy tsara.

Tahaka ilay mpanao Salamo (Sal. 119:97,113), dia antsoina koa isika ho “tia” ny fahamarinana. Ireo izay tia ny Tenin'Andriamanitra dia maniry ny handalina izany, hivelona amin'izany, sy hitoetra amin'izany. Raha ny marina dia rehefa mankatò ny fahamarinan'ny Baiboly isika no atao hoe mianatra sy tia izany.

Hoy ihany i Ellen White: “*Ny fianarana ny Soratra Masina no fomba notendren'Andriamanitra hampifandray akaiky ny olona amin'ny Mpamorona azy sy hanomezana azy fahalalana mazavazava kokoa ny sitrapony*” - HM, t. 69. Aminy

dia izao: “Ny vahoakan'Andriamanitra dia tarihina ho eo amin' ny Soratra Masina izay fiarovana ho azy amin'ny fitaomana mangina avy amin'ny mpampianatra sandoka sy ny hery mamitaka ampiasain'ny fanahin'ny fahamaizinana.” - HM, t. 619. Amin'izao andro iainantsika izao mila hitovy dika amin'ny fahamarinana mihitsy ny sandoka, hany ka tsy hay ny manavaka azy ireo raha tsy amin'ny alalan'ny Soratra Masina.

Mba hiatrehana ny “relativisme postmoderne” dia tsy maintsy mijoro amin'ny fanarahana ny sitrapon' Andriamanitra eo amin'ny fainany manokana, araka izay voambara ao amin'ny Teniny, ny olon'Andriamanitra. Ny fampiharana eo amin'ny fainana ny fahendrena avy any an-danitra, izay voambara ao amin'ny Soratra Masina, dia mahatonga antsika hahay hanavaka ny masina amin'ny tsy masina, sy ho afaka hampianatra ny hafa hanao izany safidy izany koa.

**Vanderlei Dorneles da Silva,**  
*efa niasa tamin'ny maha-pasitoran'ny fiangonana sy mpamoaka lahatsoratra ary mpampianatra azy. Izy dia mpandrindra ny “programmes d'études supérieures” amin'ny taranja Teôlôjia ao amin'ny oniversite “Adventist University Centre of São Paulo”, ao Brésil.*

#### SOSO-KEVITRA ANTOM-BAVAKA

1. Mangataha amin'Andriamanitra mba hahatonga antsika hanolo-tena hianatra tsy tapaka ny Soratra Masina.
2. Mivavaha mba hiarovan'Andriamanitra antsika amin'ny alalan'ny fandalinantsika ny Soratra Masina, tsy ho voafitaka.
3. Mivavaha mba hataon'Andriamanitra mifanena amin'ireo izay mangetaheta ny fahamarinana isika, mba hahafahantsika mizara ny fahalalantsika Azy amin'izy ireo.



Zava-dehibe ny miorina  
eo amin'ny Soratra Masina  
raha te hitoetra  
ho Kristianina

«Ho amin'ny lalàna sy ny teni-vavolombelona ihany! Raha tsy miteny araka izany teny izany izy, dia olona izay tsy hiposahan'ny fahazavan'ny maraina». Ny vahoakan'Andriamanitra dia tarihina ho eo amin'ny Soratra Masina izay fiarovana ho azy amin'ny fitaomana mangina avy amin'ny mpampianatra sandoka sy ny hery mamilaka ampiasain'ny fanahin'ny fahamazinana.

Mampiasa izay fitaka rehetra azony atao i Satana mba hisakanana ny olona tsy hahalala ny Baiboly, izay manambara mazava ny fitaka ataony. Isaky ny misy fifohezana'ny asan' Andriamanitra, dia mientana hanao asa bebe kokoa ny andrianan'ny ratsy; ankehitriny izy dia manao ny ezaka mafy indrindra mety ho vitany amin'ny ady farany ataony amin'i Kristy sy ny mpanaraka Azy.

Efa manantonona ilay fitaka farany lehibe. Efa hanao ny asany mahagaga eo imasontsika ny antikristy. Hifanahaka akaiky indrindra amin'ny tena izy ny hala-tahaka ka tsy ho hay ny hanavaka azy raha tsy amin'ny alalan'ny Soratra Masina ihany. Tsy

## SABATA FAHAROA

maintsy sedraina amin'ny fanambarany ny filazana atao sy ny fahagagana rehetra.

Ireo izay miezaka hankatò ny didin'Andriamanitra rehetra dia hisetra fanoherana sy hatao fihomehezana. Ao amin'Andriamanitra ihany no ahafahany mijoro. Mba hahazakany ny fitsapana eo anoloany, dia tsy maintsy mahafantatra ny sitrapon'Andriamanitra araka izay voambara ao amin'ny teniny izy ireo; tsy afaka hanome voninahitra Azy izy raha tsy manana fahalalana marina ny amin'ny toetrary, sy ny fitondrampanjakany ary ny fikasany ka hanao asa mifanaraka amin'izany. Tsy misy afa-tsy ireo izay nampahatanjaka ny sainy tamin'ny fahamarinan'ny Baiboly no ho afaka hijoro mandritra ny ady lehibe farany.

Ho tonga amin'ny fanahy tsirairay ilay fisedrana hamantarany ny tena toetrary hoe: Andriamanitra ve no hankatoaviko mihoatra noho ny olona? Efa madiva hipaika ankehitriny ilay ora hanapahana izay ho anjaran'ny tsirairay. Moa ve tafatoetra eo amin'ny vatolampin'ny tenin'Andriamanitra tsy miova ny tongotsika? Moa vonona va isika hijoro tsy ho azo hozongozonina hiaro ny didin'Andriamanitra sy ny finoana an'i Jesôsy?

Talohan'ny nanomboana ny Mpamony tamin'ny hazo fijaliana, dia nanazava tamin'ny mpianany Izy fa tsy maintsy hovonoina ka hitsangana avy ao am-pasana, ary nisy anjely nanatrika teo izay nampiorina ny teniny tao an-tsaina sy tao am-pon'ny mpino. Nefa nanantena fahafahana ara-nofo avy amin'ny ziogan'ny Rômanina ny mpianatra, ka

tsy zakan'ny eritreriny izany hoe ilay fototry ny fanantenany rehetra no hiharan'ny fahafatesana mahafabaraka. Voaroaka tsy tao an-tsainy ny teny izay tokony ho notsarovany; ka rehefa tonga ny fotoana fitsapana, dia hita fa tsy vonona izy. Nandevona tanteraka ny fanantenana tao aminy ny fahafatesan'i Jesôsy, toy ny tsy nilaza na inona na inona taminy mialoha Izzy.

Toy izany koa: aseho eo anoloantsika ao amin'ny faminaniana ny ho avy amin'ny fomba mazava tahaka ny nanokafan'ny tenin'i Kristy izany teo amin'ny mpianatra. Aseho miharihary ireo toe-javatra mifandray amin'ny fiasaran'ny androm-pahasoavana sy ny asa fiomanana ho amin'ny androm-pahoriana. Nefa marobe no tsy mahafantatra ireny fahamarinana lehibe ireny toy ny tsy mbola nambara na oviana na oviana izany. Miambina i Satana mba handrombaka tsy ho eo aminy izay rehetra mety handaitra aminy ka hahatonga azy ho hendry ho amin'ny famonjena, koa rehefa tonga ny androm-pahoriana dia ho hita fa tsy vonona izy.

#### FOTO-PINOANA LEHIBE ATAO TSINONTSINONA

Rehefa mandefa hafatra fampitandremana izay lehibe indrindra Andriamanitra ka aseho ho toy ny torin'ny anjely masina manidina eo afovoan'ny lanitra izany, dia takiny amin'ny olona tsirairay izay manana saina afaka mandanjalanja ny hitandrina izany hafatra izany. Ny fitsarana mahatahotra manameloka ny fiankohofana amin'ny bibi-dia sy ny sariny (Apôk. 16: 9-11), dia tokony hitarika ny rehetra hazoto handinika ireo faminaniana hahafantarany ny atao hoe mariky ny bibidia sy ny fomba tsy handraisana izany.

Nefa mitampin-tsofina tsy hihaino ny fahamarinana ny ankabeazan'ny olona ka nitodika any amin'ny angano. Hoy ny Apôstôly Paoly raha nitazana ny andro farany izy : «Fa ho avy ny andro izay tsy hahazakan'ny olona ny fampianarana tsy

misy kilema» - 2 Tim. 4:3. Efa tena tonga mihitsy io fotoana io izao. Tsy tian'ny ankamaroan'ny olona ny fahamarinan'ny Baiboly, satria misakantsakana ny fanirian'ny fony feno fahotana sy tia an'izao tontolo izao izany; koa dia omen'i Satana azy ny fitaka ankamamiany.

Nefa hanana vahoaka eto an-tany Andriamanitra izay hifikitra amin'ny Baiboly, ary ny Baiboly irery ihany no ho filamatry ny fampianarana rehetra sy ho fototry ny fanavaozana rehetra. Ny hevitry ny manam-pahaizana, ny fehin-kevitra avy amin'ny «siansa», ny fanekem-pinoana na ny hevitra tapaky ny favoriana fiheverandrahara ara-pivavahana, izay maro sy mifanolana araka ny fiangonana asehony, ny feon'ny maro an'isa, dia tsy misy na ny iray amin'ireo, na izy rehetra, tokony horaisina ho porofo mazava hoentimanamarina na manohitra fotpampianarana ara-pinoana iray. Alohan'ny hanekena fampianarana na fitsipika iray dia tokony hitaky ny «Izao no lazain'i Jehovah» mazava hoentimanohana izany isika.

Miezaka mandrakariva i Satana hisarika ny saina ho eo amin'ny olona fa tsy ho eo amin'Andriamanitra. Tarihinny ny olona hijery ny eveka, ny mpitandrina, ny mpampianatra teolojia, ho mpitaridalana azy, fa tsy handinika ny Soratra Masina ho an'ny tenany mba hahafantarany ny adidiny. Amin'izay, rehefa mifehy ny sain'ireo mpitarika ireo izy, dia azony atao ny miassa mangina amin'ny olona maro araka ny sitrapony.

Raha tonga nilaza ny tenin'ny fiainana i Kristy, dia nihaino Azy tamim-pifaliana ny besinimaro; ka betsaka, eny, na dia teo amin'ireo mpisorona sy mpanora-dalâna aza, no nino Azy. Tapa-kevitra anefa ny filohan'ny mpisorona sy ireo olona mpitarika tao amin'ny firenena fa hanameloka sy hitsipaka ny fampianarany. Na dia voasakana aza izy tamin'ny fizezahana rehetra nataony hitadiavany izay azo hiampangana Azy, na dia tsy hainy aza ny tsy hahatsapa mazava ny herin'

herin'Andriamanitra sy ny fahendrena tamin'ny teniny, dia mainka nitana ny hevitra nibahana rahateo tao an-tsainy izy; notsipahiny ny porofo mazava indrindra ny maha-Mesia Azy, andrao voatery ho tonga mpianany izy. Hatramir'ny fahazazany ny vahoaka dia efa notezaina hanaja sy hilefitra an-jamba teo ambanin'ny fitondrana nataon'ireo mpanohitara ny Mpamony. «Inona no antony mahatonga ireo loholona sy mpanora-dalàna ary manam-pahaizana tsy hino an'i Jesôsy?» hoy ny fanontaniany. Moa ve ireo olona tia vavaka ireo tsy handray azy raha Izy no Kristy? Ny fitaomana mangina avy tamin'ny mpampianatra toy izany no nitarika ny firenena Jiosy handà ny Mpanavotra azy.

Ny toe-tsain'ireo mpisorona sy loholona ireo ihany no mbola asehon'hy olona maro izay milaza ny tenany ho tena mpivavaka ankehitriny. Mandà tsy handinika ny fanambaran'ny Soratra Masina mikasika ireo fahamarinana manokana ho amin'izao andro izao izy. Ny hamaroany, ny heriny sy ny lazany no arangarangany ka manamavo ireo mpiaro ny fahamarinana izy satria vitsy, manantra sady tsy fanta-daza ireo mitana finoana izay mampisaraka azy amin'izao tontolo izao.

Hitan'i Kristy mialoha fa tsy hifarana amin'ny fielezan'hy Jiosy tsy akory ilay fanamparan-pahefana tafahoatra nasehon'ny Fariseo sy ny mpanora-dalàna. Tazany tamin'ny mason'ny faminaniana ny asa fanandratana ny fahefan'olombelona hifehy ny feon'ny fieritreretana, izay fanetribe efa nahazo ny fiangonana hattrizay. Ary noraketina ny fanamelohany mampahatahotra ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo, sy ny fampitandremany ny vahoaka tsy hanaraka ireo mpitarika jamba ireo mba ho fananarana ny taranaka ho avy...

#### NY TANJON'NY TENIN'ANDRIAMANITRA

Nomen'Andriamanitra antsika ny teniny mba hahalalantsika ny fampianarany sy hahafantarantsika izay takiny amintsika. Rehefa nanatona an'i Jesôsy ilay mpahay lalàna ka nanontany Azy hoe: «Inona no

ataoko handovako ny fiaianana mandrakizay?» dia nitaona azy hankeo amin'ny Soratra Masina ny Mpamony ka hoy izy hoe: «Inona no voasoratra ao amin'ny lalàna? Ahoana no famakinao azy?» Tsy fialan-tsiny ho an'ny tanora na ny antitra ny tsy fahalalana, ary tsy hahafaka azy amin'ny famaizana vokatry ny fandikana ny lalàn'Andriamanitra izany; satria eo am-pelatanary dia misy fanehoana mahatoky an'io lalàna io, fanehoana ny foto-keviny sy izay tadiaviny hatao.

Tsy ampy ny manana fikasana tsara; tsy ampy ny manao izay neverin'ny olona fa marina, na izay lazain'ny mpitandrina fa marina. Rehefa ny famonjena ny fanahiny no voakasika dia tokony handinika ny Soratra Masina ho an'ny tenany ny tsirairay. Na manao ahoana na manao ahoana fitompoany, sy fahatokiany fa mahalala ny marina ny mpitandrina, dia tsy izany no fototra iorenany. Manana sarintany manondro ny famantaran-dalana rehetra eo amin'ny diany mankany an-danitra izy, ka tsy misy na inona na inona tokony hataony tombantombana fotsiny...

Velona amin'ny fotoana mampangitakitaka indrindra eo amin'ny tantaran'izao tontolo izao isika. Madiva hotapahina izay ho anjaran'ny vahoaka marobe mifanizina eto an-tany. Miankina amin'ny lalan-kizorantsika ankehitriny ny fahasambarantsika amin'ny hoavy sy ny famonjena ny fanahy hafa koa. Ilaintsika ny hotarihin'ny Fanahin'ny fahamarinana. Tokony hanontany mafy ny tenany ny mpanaraka an'i Kristy marina ka hanao hoe: «Tompo ô, inona no tianao hataoko?»

Ilaintsika ny hanetry tena eo anatrehan'ny Tompo amin'ny fifadian-kanina sy ny fivavahana, ka hisaintsaina lalina ny Teniny, indrindra ny momba ireo toe-javatra mikasika ny fitsarana. Tokony hikatsaka fanandramana lalina ny amin'ny zavatra momba an'Andriamanitra isika amin'izao fotoana izao. Tsy manam-potoana holanilaniana foana isika. Misy

toe-*java-dehibe* iankinan'ny aina mitranga manodidina antsika. Eo amin'ny tany mahsondriana izay an'i Satana isika. Aza matory, ry mpitilin'Andriamanitra; mitampify tsy lavitra anao ilay fahavalo, vonona lalandava izy, raha tahiny varimbariana sy rendremana ianao, hiantsambotra aminao ka hahalasa anao ho rembiny.

Maro no voafitaka momba ny toetrary marina eo anatrehan'Andriamanitra. Miarhaba tena amin'ny ratsy tsy ataony izy ka manadino ny asa tsara sy mendrika takin'Andriamanitra aminy nataony an-tsirambina. Tsy ampy ny maha-hazo maniry azy ao amin'ny sahan'Andriamanitra. Fa tsy maintsy manatanteraka izay tadiaviny amin'ny alalar'ny famokarana izy. Tazonin' Andriamanitra ho tompon'andraikitra ny amin'ireo asa tsara izay tokony ho vitany noho ny fahasoavany izy, nefo tsy tontosany. Voasoratra ho toy ny mibahaha foana amin'ny tany izy ao amin'ny bokin'ny lanitra. Tsy mbola mahavery fanantenana anefa ny amin'ireny olona ireny...

Rehefa ho avy ny fotoana fisedrana dia haseho ireo izay nitana ny tenin'Andriamanitra ho fitsipika mifehy ny fainany. Amin'ny fahavaratra dia tsy misy fahasamihafana firy ny hazo maitso lalandava sy ny hazo sisarehetra; fa rehefa mitsoka kosa ny rivo-panalan'ny ririnina, dia tsy miova ny hazo maitso lalandava, fa ringitra tsy misy ravina intsony kosa ny hazo hafa.

Toy izany koa, tsy miavaka amin'ny tena Kristianina ankehitriny izay manana fo mamilaka milaza ny tenany ho Kristianina, nefo kosa efa akaiky ny fotoana izay hisheoan'ny fahasamihafana. Aoka hipoitra ny fanoherana, aoka hanjaka indray ny

fitiavam-bavaka diso toerana sy tsy mahay mandefitra, aoka hirehitra indray ny fanenjehana, dia hirondrona avokoa ny manana toetra matimatry sy ny mihatsaravelatsihy ka handao ny finoany; fa hijoro tsy ho azo hozongozonina tahaka ny vatomampy kosa ny tena Kristianina marina, hihamatanjaka ny finoany, hamirapiratra kokoa ny fanantenany, mihoatra noho ny tamin'ny andrompiadanana.

*Io lahatsoratra io dia nalaina tao amin'ny boky Hery Mifanandrina, t. 619-627. Mino ny Advantista Mitandrina ny Andro Fahafito fa i Ellen G. White (1827-1915) dia nanana ny fanomezam-pahasoavan'ny faminianiana nandritra ny 70 taona nanaovany asa fampielezam-boky.*

## ANTOM-BAVAKA

1. Mivavaha mba hitariany Fanahy Masina antsika, rehefa mandalina ny Tenin'Andriamanitra isika, ho any amin'ireo olona izay azontsika izaràna ny fitiavany.
2. Mivavaha mba hahatonga antsika ho babon'ny toetran'Andriamanitra ka tsy hanintona antsika intsony ny fialam-bolin'izao tontolo izao.
3. Mivavaha mba hanokatra ny masontsika ny fandalinana ny Tenin'Andriamanitra hahita ireo izay azontsika hanaovana asa fitoriana.